



Cofinancé par  
l'Union européenne

Mise en œuvre par



# TOROLALANA MOMBA NY ADY MIRINDRA AMIN'NY BIBIKELY MPANIMBA VOLY



Aogositra 2024  
Dika v3



**GOPA**  
WORLDWIDE CONSULTANTS





## **Daty nanaovana ny fanaovazana:**

Aogositra 2024 – Dika v3

### **Mpandrindra:**

Fabrice Lheriteau\*

### **Mpanoratra:**

Lala Harivel Ravaomanarivo (Consultante), Tahiry Rarivonandrasana\*, Mamy Tiana Rakotozafy\*, Miharinsoa Randriantsarafara\*, Marie-Anne Ralison\*, Roger Rafanomezantsoa\*, Serge Rakotozafy\*, Solofo Raharinaivo\*, Faramalala Randriamaherisoa \*\*, Andrianaivo Andomamy\*\*.

\* ECO Consult GmbH et Co. KG en collaboration avec GOPA Consultants

\*\*DRAE Boeny.

### **Sary fanehoana:**

ECO Consult GmbH et Co. KG en collaboration avec GOPA Consultants, GSMD, CTAS

### **Sary eo amin'ny fonon'ny boky:**

Menahatoka, bibikely mpanimba voly, mihinana ny vonin'ny voly antsoroko

# FIZAHAN-TAKELAKA

<b>Sasinteny.....</b>	<b>1</b>
<b>Tsingerim-piainan'ny biby mpanimba voly .....</b>	<b>2</b>
Ny lolo .....	2
Ny valala .....	3
<b>Fahavalon'ny katsaka sy ampemba aty amin'ny Faritra Boeny .....</b>	<b>4</b>
Sababaka lezionera (Chenille légionnaire d'automne) .....	5
Sababaka mavokely (Borer rose) .....	7
Sababaky ny fary (Borer africain de la canne à sucre).....	9
Sababaky ny ampemba .....	11
<b>Fahavalon'ny legiominezы eto amin'ny faritra Boeny .....</b>	<b>14</b>
Sababaka mpandavaka karaokany (Foreur des gousses) .....	15
Sababaky ny landihazo (Ver du cotonnier).....	17
Fisiky (Punaise brune des légumineuses) .....	19
Anoano maintso (Punaise verte ponctuée).....	21
Besoroka - Anoano mainty (Punaise noire) .....	23
Menahatoka .....	25
Lalitra eny amin'ny ravina (Mouche mineuse) .....	27
<b>Fahavalon'ny voly felika eto amin'ny faritra Boeny .....</b>	<b>29</b>
Laliboankazo (Mouche orientale des fruits) .....	31
Lalitry ny voly iray tarika amin'ny voatavo, kôkômbra (Mouche des Cucurbitaceae) .....	33
Lalitry ny voly iray tarika amin'ny voatabia (Mouche des Solanacées) .....	35
Tamenaky ny voatango sy landihazo (Puceron du melon et du cotonnier <i>Aphis gossypii</i> ) .....	37
Lalitra fotsy .....	39
Halakely (Acarien tisserand) .....	41
Lolon'ny laisoa Teigne des crucifères .....	43
Sababaky ny voatabia (Noctuelle de la tomate).....	45
Sababaky ny ravina sy voan'ny voatabia (Chenille mineuse de la tomate).....	47
Sababaky ny ravina sy voan'ny voatabia .....	48
Jorerikelin'ny ový (Cicadelle de la pomme de terre).....	49
Sarisarin-jorey (Thrips du tabac).....	51

<b>Fomba fiarovana afaka atao amin'ny voly felika hiadiana amin'ireo bibikely mpanimba voly .....</b>	<b>53</b>
<b>Fahavalon'ny hazo fihinamboa eto amin'ny Faritra Boeny .....</b>	<b>54</b>
Pondy fotsy, kipotsy cochenille du papayer .....	55
Laliboankazo malagasy (mouche des fruits malgache) .....	57
Bibikelin'ny voasary (Psylles des agrumes) .....	59
Ireo bibikely hafa mpanimba ny hazo fihinamboa.....	61
<b>Fahavalon'ny voly vary eto amin'ny Faritra Boeny.....</b>	<b>62</b>
Sarika an-tany (Ver blanc) .....	63
Sababaka fotsy (Borer blanc) .....	65
Sababaka mpanapaka ravim-bary .....	67
Kiboroty, kijeja, valala (Larves de criquet) .....	69
Haom-bary (Poux épineux du riz) .....	71
<b>Ady mirindra hoenti-miady amin'ireo bibikely mpanimba voly .....</b>	<b>74</b>
Inona avy ireo dingana arahina amin'ny fikajiana ny tanimboly sy hiadiana amin'ireo bibikely araka ny ady mirindra? .....	75
Inona avy ireo antony tsy mampahomby ny fampiasana fanafody simika? .....	76
Ahoana ny fomba fikajiana ny fanafody atao ao anaty “pulvérisateur”? .....	77
Inona avy ireo toromarika arahina rehefa mampiasa fanafody simika? .....	78
<b>Tovana .....</b>	<b>74</b>
Ohatra vitsivitsy amin'ireo bibikely mahasoa fahavalon'ireo bibikely mpanimba voly (insectes auxiliaires utiles) .....	74
Tabilaon'ireo singa miasa (matières actives) ao anatin'ny zavamaniry ampiasaina amin'ny adygasy ary ny fomba fiasany .....	75

# Sasinteny

Ankaravoana no anolorako ity boky torolalana mikasika ny fomba hoenti-miady amin'ireo aretina sy bibikely mpanimba voly amin'ny fomba voajanahary ity, izay novolavolain'ireo teknisiana niaraka tamin'ireo tantsaha aty amin'ny faritra Boeny. Ireo antontakevitra voarakitra amin'ity boky ity dia vokatry ny ezaka miaraka sy tsara teo amin'ireo teknisiana namolavola azy sy ireo mpiaramibon'antoka amin'ny tetikasa, ary indrindra ny mpisehatra lebibe eny amin'ny asa fambolena dia ny tantsaha izany.



Natao teo anivon'ny tetikasa ProSol, izay vatsian'ny fiaraha-miasa amin'ny fanjakana Alemana ary tanterahin'ny Deutsche Gesellschaft für Internationale Zusammenarbeit (GIZ), ity boky torolalana ity ka manandanja lehibe tokoa. Ity boky ity dia maneho ny fanomezana antoka hisian'ny fampandrosoana maharitra sy ireo fomba fambolena manaja ny tontolo iainana. Amin'ny alalan'ny fanomezana ireo vahaolana mampiasa ireo fomba voajanahary sy ireo fanamby apetrak'ireo aretina sy bibikely mpanimba voly, ity boky ity dia manampy amin'ny fiarovana ny fahasamihafana eo amin'ireo biby sy zavamaniry izay manana anjara asa manokana, sy fiarovana nynofontany amin'ny aretina ary amin'ny ady amin'ny tsy fanjariana ara-tsakafo eo amin'ny sehatry ny firenena.


Ity boky torolalana ity dia tsy mihanona fotsiny amin'ireo fahalalana ankapobeny, fa manolotra ihany koa ireo vahaolana azo ampiasaina avy hatrany izay mifandraika amin'ny zavamisy eto amin'ny faritra Boeny. Vokatra iray teo amin'ny fiaraha-miasa matotra tamin'ny tantsaha ity boky ity ary fitaovana tena ilaina tokoa hanamafy ny fahafahana miatrika ireo olana ateraky ny aretina sy ny bibikely mpanimba voly ka tsy voatery hiankina amin'olona hafa intsony amin'izany.

Amin'ny maha-ministry ny Fambolena sy ny Fiompiana ahy dia resy lahatra aho fa ity boky torolalana ity dia ho loharano lehibe hanovozan-kevitra hiasa isan'andro mba hampiroborobo ny fambolena. Hirariana ireo pejy voarakitra ao anatin' mba hahitanao fomba fiasa vaovao hiarovana ny tontolo iainana sy hitondra anjara biriky amin'ny fampandrosoana ireo vondron'olona mivelona amin'ny fambolena eny ambanivohitra.


**RATOHARIJAONA Rakotoarisolo Suzelin**  
*Ny Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana*

# Tsingerim-piainan'ny biby mpanimba voly

Ny lolo



## Ny valala



# Fahavalon'ny katsaka sy ampemba aty amin'ny Faritra Boeny

	ANARANY MALAGASY	ANARANY FRANTSAY	ANARANY SIANTIFIKA
LEPIDOPTERES	Sababaka lezionera	Chenille légionnaire d'automne	<i>Spodoptera frugiperda</i>
	Sababaka mavokely	Borer rose	<i>Sesamia calamistis</i>
	Sababaky ny fary	Foreur africain de la canne	<i>Eldana saccharina</i>
	Sababaky ny apemba	Pyrale tachetée du sorgho	<i>Chilo partellus</i>
	Sababaky ny voatabia	Noctuelle de la tomate	<i>Helicoverpa armigera</i>
COLEOPTERES	Sarika antany	Ver blanc	<i>Heteronychus spp</i>
	Sarika antany Voangory fotsy vody	Ver blanc	<i>Hoplochelus spp</i>

# **Sababaka lezionera (Chenille légionnaire d'automne) *Spodoptera frugiperda* (Lépidoptères Noctuidae)**

8 – 30 andro



Soherina

14 - 22 andro

Atody

2 - 3 andro



Sababaka lehibe



Sababaka kely



**Ohatra amin'ny fahasimban'ny voly**

# Sababaka lezionera

## Fomba famantarana azy

Lolo: mirefy 16 mm (lahy) ary 18 mm (vavy). Sababaka: misy tsipika manaraka ny vatany. Miovaova ny lokony: miloko maintso tanora na volontany (brun). Mampiavaka ny sababaka kely (1 mm): maity ny lohany; mampiavaka ny sababaka lehibe (30 – 45 mm): misy teboka maity 4 miendrika sokera eo amin'ny faran'ny vatany ary marika Y mivadika eo amin'ny lohany.

## Fomba fiainany

Miaina 7 – 21 andro ny lolo. Mandeha amin'ny alina. Manatody eny amin'ny ravina ao anaty ny 5 – 21 andro (100 – 200 isaky ny manatody) ary mahatratra hatramin'ny 2000 ny atodin'ny lolo iray. Foy ao anaty ny 2 na 3 andro ny atody. Ny sababaka kely dia mihinana ny ravina tanora. Ny sababaka lehibe dia miditra ao anaty ny babokatsaka ka misakafo sy mitombo ao, mihinana ny voa rehefa matoa ny katsaka. Misitrika ao anaty tany (2 – 8 sm) ny sababaka lehibe afaka 14 - 30 andro ka mivadika ho soherina (13 – 15 mm). Tsy mihinankanina intsony ny soherina. Mivadika ho lolo afaka 8 hatramin'ny 30 andro.

Maro ny voly afaka hivelomany: voly iray tarika amin'ny katsaka, laisoa, voatabia ...


## Fomba fisehony eny amin'ny voly

Ravina loadoaka; salohy, babony sy voa lanin'ny sababaka.

## Fomba enti-miady aminy

Sokajiny	Toromarika ara-teknika	Fahombiazana
Ady gasy	Ranom-panafody amboarina avy amin'ny ravina na voana 150 maladies (voandelabazaha) na voandelaka hafendraka amin'ny voly hamonoana ny atody, ny sababaka kely eny amin'ny ravina, ny sababaka lehibe eny amin'ny salohy na babony.	++
	Ranom-panafody amboarina avy amin'ny sakay hafendraka eny amin'ny voly hamonoana ny sababaka.	++
	Fanafody vita avy amin'ny menaka azo avy amin'ny voana 150 maladies hafendraka amin'ny voly hamonoana ny atody sy ny sababaka	++
Ady mekanika	Fanangonana.ny atody sy sababaka ary famonoana azy	++
Fanafody biolojika	Paragri 45 atao eny amin'ny saha hampilefa ny lolo sy ny sababaka	++
Fomba fambolena	Alefa mialoha ny famafazana (semi précoce)	++
Fampivadiam- boly	Mokona na takilobazaha izay mampilefa bibikely	+++
	Legiominezy toy ny lojy, voanjo (mampihena ny habetsahan'ny taho (plants) mety ho tratry ny sababaka lezionera)	++
Fahavaloxara- boajanahary	Vitsika, bibin-tsofina, karazana fangaraka (hyménoptères)	++

# Sababaka mavokely (Borer rose) *Sesamia calamistis* (Lépidoptères Noctuidae)



Volo eo  
amin'ny loha  
sy tratrany

(ao anatin'ny  
tahon'ny apemba)



(ao anaty tahon'ny apemba)



# Sababaka mavokely

## Fomba famantarana azy

Lolo: mirefy 11,7 mm (lahy) ary 13,8 mm (vavy), misy volo matevina eo amin'ny lohany sy ny hatony. Miloko mavokely manompy mavo ny sababaka (2 – 28 mm). Misy tsilo (épines) roa eo amin'ny faran' ny vatany.

## Fomba fiainany

Miaina 5 andro ny lolo. Mandeha amin'ny alina. Manatody anaty ny 5 andro ny vavy ary mahatratra 350 ny atodiny. Anelanelan'ny taho sy ravina no apetrany ny atodiny. Mihinana ny ravina tanora ny sababaka raha vao foy. Miditra anaty taho izy rehefa mihalehibe. Maharitra 30 – 60 andro ny fitombony. Mivadika soherina (12 – 20 mm) ao anaty taho izy avy eo. Lasa samoina afaka 10 – 15 andro.

Ireto avy ny voly mety hivelomany: katsaka, apemba, fary, vary, bajiry.

## Fomba fisehony eny amin'ny voly


Mihamavo ny ravina; misy lavaka amin'ny taho; Tapaka ny fantsona mitondra ny tsiry (sève). Maina ny ravina sy ny fony (cœur mort). Tsy miteraka ny salohy. Maty ny katsaka na apemba vao mitombo (jeune plant).

## Fomba enti-miady aminy

Sokajiny	Toromarika teknika	Fahom biazana
Ady gasy	Ranom-panafody amboarina avy amin'ny ravina na voana 150 maladies (voandelabazaha) na voandelaka afendraka amin'ny ravina hamono ny sababaka kely.	++
	Fanafody vita avy amin'ny menaka azo avy amin'ny voana 150 maladies afendraka amin'ny ravina hamonoana ny sababaka	++
	Ranom-panafody amboarina avy amin'ny sakay fendrahana amin'ny ravina hamono ny sababaka kely	++
	Ranom-panafody azo avy amin'ny ravina konikony fendrahana amin'ny ravina hamono ny sababaka kely	++
	Amanin'omby fendrahana amin'ny ravina hamono ny sababaka kely	++
Ady mekanika	Fanangonana ny sababaka sy famonoana azy	++
Fomba fambolena	Esorina eny antanimboly ny taho aorian'ny fiotazana	++
Fampivadiam-boly	Mokona na takilobazaha	+++
	Lojy, voanje, mangahazo, akondro	++
Fifandimbia sam-boly	Katsaka na vary na apemba / Mangahazo/ legiominezy	++
Fahavalao araboajanahary	Vitsika, bibin-tsofina, karazana fangaraka (Hyménoptères)	++

# Sababaky ny fary (Borer africain de la canne à sucre)

## *Eldana saccharina* (Lépidoptères Pyralidae)



# Sababaky ny fary

## Fomba famantarana azy

Lolo: mirefy 11,4 sm (lahy) ary 16,4 mm (vavy): Sababaka miloko volontany tanora (brun clair) na volondavenona (gris foncé) ary volontany antitra ny lohany.

## Fomba fiaiany

Miaina 6-15 andro ny lolo. Mandeha amin'ny alina. Manatody ao anaty ny herinandro ny vavy, amin'ny ravina maina no ametrahany ny atodiny izay mety mahatratra 500. Foy ny atody afaka 6 – 17 andro. Mihinana ny sisin'ny taho ny sababaka kely mialoha ny hidirany ao anaty taho rehefa mihalehibe. Miofo ho soherina izy rehefa afaka 20 andro ka hatramin'ny 2 volana. Lasa lolo ny soherina afaka 7-16 andro.

Ireto avy ny voly afaka hivelomany: fary, katsaka, apemba, vary, bajiry.

## Fomba fisehony eny amin'ny voly

Taho misy lavaka, taho paokaty, babokatsaka lanin'ny sababaka.

## Fomba enti-miady aminy

Sokajiny	Toromarika ara-teknika	Fahombiazana
Ady gasy	Ranom-panafody azo avy amin'ny ravina na voa ny 150 maladies (voandelabazaha) na voandelaka afendraka amin'ny ravina hamono ny sababaka sy atody.	++
	Fanafody vita avy amin'ny menaka azo avy amin'ny voana 150 maladies (voandelabazaha) afendraka amin'ny ravina hamono ny sababaka sy atody.	++
	Ranompanafody azo avy amin'ny sakay afendraka amin'ny ravina hamono ny sababaka.	++
	Ranompanafody azo avy amin'ny ravina konikony afendraka amin'ny ravina hamono ny sababaka.	++
Ady mekanika	Angonina ny sababaka dia vonoina	++
Fomba fambolena	Alefa mialoha ny fotoana famafazana (semi précoce)	++
	Esorina eny an-tanimboly ny taho aorian'ny fiotazana	++
Fampivadiam-boly	Mokona na takilobazaha	+++
	Lojy, voanjo, mangahazo, akondro	++
Fifandimbiasam-boly	Katsaka na vary na voanemba / Legiominezy	++
Fahavalona ara-boanjahary	Vitsika, bibintsofina, karazana fangaraka (Hyménoptères)	++

# Sababaky ny ampemba

Pyrale tachetée du sorgho, foreur ponctué des Graminées

*Chilo partellus* (Lépidoptères Crambidae)

5 – 12

Samoina

Halavany: 12 -13mm

Soherina

Halavany: 15mm

2 – 3

herinan

Atody

4 - 8

Sababaka

Halavany: 25 – 30 mm



Ravina loaka



Taho tapaka

# Sababaky ny ampemba

## Fomba famantarana azy

Lolo: miloko volontany tanora, mirefy 12 – 13 mm. Miloko volontany antitra manompy mena ny hatony (prothorax). Sababaka : misy marika miendrika pentina manaraka ny lamosiny manontolo. Miloko mavokely manompy volontany ny sababaka kely ary volontany (crème) rehefa lehibe (25 -30 mm).

## Fomba fiaainany

Miaina 5 -6 andro ny lolo. Mandeha amin'ny alina. Manatody anaty ny 5 andro ny vavy, ambadiky ny ravina no ametrahany ny atodiny izay mety mahatratra 800. Foy ny atody anaty ny 4-8 andro. Miditra anelan'ny ravina sy ny taho ny sababaka kely ary miditra anaty taho rehefa mihalehibe. Mivadika ho soherina izy afaka 2 -3 herinandro. Lasa lolo ny soherina afaka 5-12 andro.

Ireto avy ny voly afaka hivelomany: apemba, katsaka, vary, fary, varimbazaha.

## Fomba fisehony eo amin'ny voly

Ravina loadoaka, taho misy lavaka, taho poakaty, ravina sy fony maina (cœur mort), mahafaty ny katsaka na apemba vao mitombo (jeune plant).

## Fomba enti-miady aminy

Sokajiny	Toromarika teknika	Fahombiazana
Ady gasy	Ranompanafody azo avy amin'ny ravina na voana 150 maladies (voandelabazaha) na voanelaka afendraka amin'ny ravina hamono ny atody sy sababaka.	++
	Fanafody vita avy amin'ny menaka azo avy amin'ny voana 150 maladies afendraka amin'ny ravina hamono ny atody sy sababaka	++
	Ranompanafody azo avy amin'ny sakay afendraka amin'ny ravina hamono ny sababaka.	++
	Amanin'omby fendrahana amin'ny ravina hamono ny sababaka kely.	++
Ady mekanika	Angonina ny atody sy ny sababaka dia vonoina.	++
Fampivadiam-boly	Mokona, lojy, mangahazo	++
Fifandimbiasam-boly	Katsaka na vary na voanemba / Mangahazo na legiominezy	++
Fahavaloharaboajanahary	Vitsika, bibin-tsofina, karazana fangaraka (Hyménoptères)	++

## Ireo tsara ho fantatra mikasika an'ireo sababaka

- Ireo sababaka rehetra voalaza teo ambony dia mifidy manokana ny voly tiany hivelomany (plante hôte principale). Afaka mivelona koa anefa amin'ireo voly iray tarika amin'ny katsaka (Graminées).
- Ny sababaka lezionera dia mety hita eny amin'ny voly iray tarika amin'ny katsaka (Graminées): katsaka, apemba, vary, bajiry, ireo ahitra maniriniry foana ary voly hafa maro toy ny voly felika.
- Manana ny mampiavaka azy daholo ireo sababaka rehetra ireo. Afaka hanavahana azy ireo ny lokony, ny marika hita eny amin'ny tenany (tsipika manaraka ny vatana, marika manokana), ny toerana hahitana azy eny amin'ny voly (taho, ravina, babony, voany).
- Amin'ireo sababaka rehetra ireo, ny sababaka lezionera irery no miditra anatin'ny babokatsaka (verticille foliaire) fa ny sisa rehetra dia mivelona anaty taho.

# Fahavalon'ny legiominezы eto amin'ny faritra Boeny

	ANARANY MALAGASY	ANARANY FRANTSAY	ANARANY SIANTIFIKA
LEPIDOPTERES	Sababaka mpadavaka karaokany	Pyrale du haricot Foreur des gousses	<i>Maruca vitrata</i>
	Sababaky ny landihazo	Ver du cotonnier	<i>Spodoptera littoralis</i>
HETEROPTERES	Fisiky	Punaise du pois	<i>Clavigralla tomentosicollis</i>
	Anoano maintso	Punaise verte	<i>Nezara viridula</i>
	Besoroka, anoano mainty	Punaise noire	<i>Anoplocnemis madagascariensis</i>
HEMIPTERES	Lalitra fotsy	Mouche blanche	<i>Bemisia tabaci</i>
COLEOPTERES	Menahatoka		<i>Lydomorphus (Cylindrothorax) sp.</i>
	Sarika antany	Ver blanc	<i>Heteronychus plebeius</i>
	Sarika antany	Ver blanc	<i>Hoplochelus marginalis</i>

# Sababaka mpandavaka karaokany (Foreur des gousses) *Maruca vitrata* (Crambidae)



Atody  
↓

28-52 andro

Lolo

Halavany: 16-17



Halavany: 8-11

Soherina

5-14 andro



Fahasimbana eo amin'ny voly



Halavany: 16-20 mm

Sababaka

8 – 14  
andro

# Sababaka mpandavaka karaokany

## Fomba famantarana azy

Samoina: Mirefy 16 -17 mm ny halavany. Elatra ambony matroka misy tasy fotsy 3. Elatra ambany fotsy misy tasy matroka.

Sababaka: mahatratra 20 mm, maintso mavo, misy pentina mainty milahatra tsiroaroa ny vatany manontolo. Rehefa hiofo dia lasa maintso ary tsy misy pentina mainty intsony.

## Fomba fiaiany

Mivelona 6-8 andro, Manatody eny amin'ny tsirim-boninkazo sy vony. Foy ny atody ary lasa sababaka ao anaty 5 andro. Mihinana ny tsirimboninkazo sy ny vony ny sababaka kely ary ny voany (gousses) ny sababaka lehibe. Misitrika anaty tany ary mivadika soherina ny sababaka afaka 8-14 andro. Lasa samoina rehefa afaka 8 – 11 andro.

Ireo voly hivelomany: legiominezy indrindra fa ny voanemba, lojy; voly felika.

## Fomba fisehony eny amin'ny voly

Simba ny tsirimbony (bourgeon) sy ny vony (fleurs). Loaka ny voa (gousses). Ny « voanemba » sy ny « lojy » no tena lasibatr'ity sababaka ity.

## Fomba enti-miady aminy

Sokajiny	Toromarika ara-teknika	Fahombi azana
Ady gasy	Ranom-panafody vita avy amin'ny ravina 150 maladies na voandelabazaha hafendraka amin'ny vony, ny ravina, ny taho, ny voa (gousses).	++
	Fanafody vita avy amin'ny menaka azo avy amin'ny voana 150 maladies afendraka amin'ny ravina hamono ny atody sy ny sababaka.	++
	Ranom-panafody azo avy amin'ny ravina voanelaka hafendraka amin'ny vony, ny ravina, ny taho, ny voany (gousses).	++
	Ranom-panafody azo avy amin'ny voana valavelona hafendraka amin'ny vony, ny ravina, ny taho, ny voany (gousses).	+
Fampivadiam-boly	Mokona	+++
	Mangahazo, akondro, tanamasoandro.	++
Fifandimbiasam-boly	Katsaka, apemba, mangahazo.	++
Ady mekanika	Fiavana ny tany hamonona ny soherina.	+
	Fanangonana sy famonoana ny sababaka	+
Bibikely mihinana azy	Karazana fangaraka	++

**Sababaky ny landihazo (Ver du cotonnier)**  
***Spodoptera littoralis* (Lépidoptères Noctuidae)**



Samoina

Halavany :15-20 mm



Halavany:40-45mm



Fahasimban'ny ravina



Fahasimban'ny karaokany

# Sababaky ny landihazo

## Fomba famantarana azy

Lolo mirefy 15 - 20 mm. Elatra ambony matroka misy tasy fotsy. Elatra ambany fotsy. Sababaka miovaova loko: volondavenona, maity, mavo matroka, manompy mena. Misy tasy maity telozoro eo amin'ny vatany afa-tsy eo amin'ny tratrany. Misy tsipika afovoany, voahodidina tsipika mena manopy mavo na mivolondavenona. Marika miendrika telozoro 4 amin'ny vatany. Mirefy 35 – 45 mmm ny sababaka lehibe.

## Fomba fiainany

Mandeha amin'ny alina. Miaina 15 andro. Manatody maro (mahatratra 4 000) eo ambadiky ny ravina. Rakofany volo ny atodiny. Mifindra eny amin'ny voany izy ireo rehefa lehibe. Maharitra 28 andro ny tsingerim-piaianany.

Ireo voly afaka hivelomany: lojy, voanje, bajiry, apemba, voly felika.

## Fomba fisehony eny amin'ny voly

Mihinanana ny voana Legiominezy. Mihinanana ny ravina izay tsy misy tavela afa-tsy ny « kiran'ny ravina ».

## Fomba enti-miady aminy

Sokajiny	Toromarika ara-teknika	Fahombiazana
Ady gasy	Ranom-panafody vita avy amin'ny ravina 150 maladie na voandelabazaha na voandelaka afendraka amin'ny vony, ravina, taho, voany hamonoana ny samoina sy ny sababaka	++
	Fanafody vita amin'ny menaka azo avy amin'ny voana 150 maladies afendraka amin'ny ravina hamono ny samoina sy sababaka.	++
	Ranompanafody vita avy amin'ny ravina mapaza hafendraka amin'ny vony, ravina, taho, voany hamonoana ny samoina sy ny sababaka.	++
Fampivadiam-boly	Mokona	+++
	Mangahazo, akondro, tanamasoandro.	++
Ady mekanika	Fiavana ny tany hamonona ny soherina.	+
	Fanangonana sy famonoana ny sababaka	+
Bibikely mihinana azy	Karazana fangaraka	++

# Fisiky (Punaise brune des légumineuses)

## *Clavigralla tomentosicollis* (Hémiptères Coreidae)



Fisiky



Zanany



Atody

# Fisiky

## Fomba famantarana azy

Miloko volotany sy maity ary mirefy 9-13 mm ny fisiky. Misy vaniny 4 ny tandroney. Misy tsilo amin'ny sisin'ny hatony. Mivelatra ny feny fahatelo. Manao andiany ny zanany.

## Fomba fiaiany

Velona mandritry ny 32 -36 andro ny fisiky. Tonga eny amin'ny voly amin'ny fotoana fiforongan'ny voa. Manatody mandritra ny 8 andro ny vavy. Eo amin'ny ravina na ny voany (gousses) no apetrany ny atodiny ary mety mahatratra 120. Foy ny atody ao anaty 4-5 andro. Mandavaka ary mihinana ny voa (gousses) ny fisiky. Maharitra 14 andro ny tsingerim-piainan'ny zanaka fisiky.

Ireo voly afaka hivelomany: legiominezy toy ny lojy, voanjo, ambatry, tsaramaso, soja, ovy, anapatsa (amaranthe).

## Fomba fisehony eny amin'ny voly

Manimba ny voa (gousses). Mihintsana ny voa (gousses) sy ny felana. Tsy mitombo, mihafohy ny voly.

## Fomba enti-miady aminy

Sokajiny	Toromarika ara-teknika	Fahombiazana
Ady gasy	Ranom-panafody azo avy amin'ny ravina na voana 150 maladies (voandelabazaha) na ny voandelaka, afendraka eny amin'ny ravina hamono ny atody na eny amin'ny ny voa hamonoana ny fisiky. Amin'ny fotoana fiforongan'ny voa no tokony hanombohana ny famendrehana.	++
	Fanafody vita amin'ny menaka azo avy amin'ny voana 150 maladies afendraka amin'ny ravina hamono ny atody sy ny fisiky	++
	Ranompanafody azo avy amin'ny sakay afendraka eny amin'ny ravina na ny voa hamonoana ny fisiky.	++
Fomba fambolena	Volena ambatry ny sisimboly. Misarika ny fisiky ny ambatry.	++
Fampivadiamboly	Lojy / apemba na bajiry	++
Ady mekanika	Angonina dia vonona ny fisiky sy ny voa misy fisiky.	++
Bibikely mihinana azy	Vitsika, voangory madinika miendrika sokatra (coccinelles) mihinana ny atody, Karazana fangaraka manatody amin'ny fisiky.	++

**Anoano maintso (Punaise verte ponctuée)  
*Nezara viridula* (Hémiptères Pentatomidae)**



Atody




Halavany: 12 -16 mm.

Anoano maintso



Zanany



Zanany

# Anoano maintso

## Fomba famantarana azy

Anoano: Mirefy 12 – 16 mm ny halavany, miloko maintso. Fisaka ny vatany ary miendrika ampinga. Misy vaniny 5 ny tandrony. Misy pentina fotsy 3 eo amin'ny elany.

Zanany: 1 – 10 mm; maintsy na maintso misy pentina fotsy sy mena amin'ny vatany. Tsy mbola misy elatra.

## Fomba fiaianany

Velona mandritry ny 60 andro. Manatody ao ambadiky ny ravina (300 ho an'ny vavy iray). Maharitra 3 herinandro ( $30^{\circ}\text{C}$ ) – 2 volana ( $20^{\circ}\text{C}$ ) ny tsingerim-piaianany. Ny reniny sy ny zanany dia samy mivelona amin'ny tsiro (sève). Mitsetsitra ny ravina vao mitsiry, ny felana, ny voany, ny taho. Mandreraka ny voly rahefa marobe eo amin'ny taho (plant) iray.

Ireo karazamboly mety hivelomany: legiominez, voly felika.

## Fomba fisehony

Mihamavo na maina ny ravina, mikarainkona. Mibontsina ny taho; misy pentina ny voa.

## Fomba enti-miady aminy

Sokajiny	Toromarika ara-teknika	Fahombiazana
Ady gasy	Ranompanafody azo avy amin'ny ravina na voana 150 maladies na voandela-bazaha na koa voandelaka afendraka amin'ny ravina.	++
	Fanafody vita amin'ny menaka azo avy amin'ny voana 150 maladies afendraka amin'ny ravina hamono ny atody sy ny anoano	++
	Ranompanafody azo avy amin'ny sakay afendraka amin'ny ravina.	++
	Ranompanafody azo avy amin'ny ravina taretra afendraka amin'ny ravina.	++
Ady mekanika	Angonina dia vonona ny anoano	++
Bibikely mihinana azy	Voangory madinika miendrika sokatra (coccinelles) mihinana ny atody, Karazana fangaraka manatody amin'ny anoano.	++

**Besoroka - Anoano mainty (Punaise noire)**  
***Anoplocnemis madagascariensis* (Hémiptères Coreidae)**



Lahy



Vavy



Zanany (larve)

# Anoano mainty

## Fomba famantarana

Lahy: mirefy 25 mm, miloko mainty ny vatany. Mivelatra ny sorony sady misy tsilo. Lava ny tongony fahatelo ary mivelatra ny feny sady misy tsilo.

Vavy: miloko volotany somary mena.

Zanany: miloko volotany tanora.

## Fomba fiaianany

Manatody ao ambadiky ny ravina ny vavy (20 isaky ny manatody). Foy ny atody afaka 10 andro. Maharitra 4 hatramin'ny 7 herinandro ny tsingerim-piaianan'ny zanany (larves). Ny reniny sy ny zanany dia samy mivelona amin'ny alalan'ny tsiro (sève). Mitsetsitra ny ravina vao mitsiry, ny felana, ny voany.

Misy mandavantaona ity bibikely ity ary afaka mivelona amin'ny karazamboly maro.

Ireo voly mety hivelomany: légiominezy, voly felika, Katsaka, vary, ambatry, mangahazo, hazo fihinamboa toy ny voasary.

Mamoaka fofona maimbo mba ho fiarovany ny tenany amin'ny fahavaloo.

## Fomba fisehony eny amin'ny voly

Malazo ny ravina. Maty ny felana. Misy pentina ny voa. Tara ny fitombon'ny voly. Mety hahafaty ny voly indrindra ny voly vao mitsiry, rehefa maro ny anoano mipetraka amin'ny zavamaniry iray.

## Fomba enti-miady aminy

Sokajiny	Toromarika ara-teknika	Fahombiazana
Ady gasy	Ranom-panafody azo avy amin'ny ravina na voana 150 maladies na voandelabazaha na koa voandelaka, afendraka amin'ny ravina hamonoana ny atody sy ny anoano.	++
	Fanafody vita avy amin'ny menaka azo avy amin'ny voana 150 maladies afendraka amin'ny ravina hamono ny atody sy ny anoano	++
	Ranom-panafody azo avy amin'ny sakay afendraka amin'ny ravina hamonoana ny anoano.	++
Fomba fambolena	Fambolena tsotsorinangatra eny antsisin'ny tanimboly. Misarika ny anoano ny tsotsorinangatra.	++
Fampivadiamboly	Legiominezy/ Voly iray tarika amin'ny katsaka	++
Ady mekanika	Angonina dia vonoina ny anoano	++
Bibikely mihinana azy	Vitsika, voangory madinika miendrika sokatra (coccinelles) mihinanana ny atody sy zanany madinika, Karazana fangaraka	++

## Menahatoka

***Lydomorphus (Cylindrothorax) sp.* (Coléoptères  
Meloidae)**



Hatoka volomboasary mena

Elatra matevina (elytre)  
manga milokona vy  
(bleu métallique)



Menahatoka eny amin'ny  
vonina lojy



Menahatoka eny amin'ny  
vonina apemba

# Menahatoka

## Fomba famantarana azy

Elatra matevina miloko manga manompy metalika. Miloko volomboasary mena ny hatony. Mitovy loko amin'ny vatany ny lokon'ny elany ambony (Elytre). Miloko volontany antitra ny elany ambany. Lava ary miloko maity ny tongony. Lava ny tandroney. Mikaikitra ny vavany.

## Fomba fiainany

Maharitra amam-bolana ny tsigerimpiainany. Miaraka maromaro manao andiany izy ireo. Ny felana sy ny voly legiominezy no mahasarika azy. Mihinana ny tsiry, ny felana sy ny vonimbony izy. Volana Marsa sy Aprily no mahabetsaka azy. Manatody eny amin'ny felana na anaty tany ny vavy. Mihinana bibikely ny zanany. Miraikitra amin'ny tantly (abeille solitaire) tonga maka vonimbony ny zanany ary mivelona anaty tohatra na anaty tany (nid souterrain).

Mamokatra poizina (cantharidine) ho fiarovantena. May ny vatan'ny olona mahakasika azy.

Ireo voly hahitana azy: legiominezy, voly felika, apemba.

## Fomba fisehony eny amin'ny voly

Simba ny felana sy ny vonimbony. Mihena ny vokatra.

## Fomba enti-miady aminy

Sokajiny	Toromarika ara-teknika	Fahombiazana
Ady gasy	Tondrahana ranon-tsavony ny bibikely mandeha eny amin'ny voly	++
	Fanafody vita amin'ny menaka azo avy amin'ny voana 150 maladies afendraka amin'ny ravina hamono ny menahatoka	++
Ady mekanika	Fanangonana ireo bibikely sy famonoana azy	++
	Tsy tia rivotra sy orana. Mora maty raha vao kapohana.	++

## Fanamarihana

Mamokatra poizina ity bibikely ity (hémolymphé).

Mila fitandremana ny fifampikasohana aminy: may ny faritry ny vatana mifampikasoka aminy. Mahafaty ny biby fiompy ny mahatelina menahatoka miaraka amin'ny vilona (foin).

**Lalitra eny amin'ny ravina (Mouche mineuse)  
Lyriomyza trifoli (Diptères – Agromyzidae)**



Lalitra



Zanany anaty ravina



Fahasimbana eny amin'ny ravina

# Lalitra eny amin'ny ravina

## Fomba famantarana azy

Miendrika lalitra. Mitovy loko amin'ny vatany ny lokon'ny elany ambony (Elytre). Miloko volotany antitra ny elany ambany.

Miloko volomboasary mena ny hatony. Mainty ny tongony.

## Fomba fiaianany

Manatody anaty ravina ny vavy, mahatratra anjatony ny atodiny. Foy ary mitombo anaty ravina ny olitra. Mirefy 0,5 mm ny olitra raha vao foy ary mahatratra 2,5 mm rehefa lehibe. Milatsaka eny amin'ny tany ary misitrika anaty tany ny olitra rehefa hivadika soherina. Maharitra 17 andro ( $25^{\circ}\text{C}$ ) ny tsigerimpiainany.

Maro ny voly afaka hivelomany: legiominezy toy ny lojy, tsaramaso, kabaro; voly felika toy ny kokombra, korzety, voajabo.

## Fomba fisehony eny amin'ny voly

Soritsoritra eny amin'ny ravina. Maharitra ela vao mitombo ny felana sy ny voa. Mihena ny yokatra azo.

## Fomba enti-miady aminy

Sokajiny	Toromarika ara-teknika	Fahombiazana
Fampivandiamboly	Voly hafa tarika toy ny katsaka, apemba	++
Fomba fambolena	Fanadiovana ny manodidina ny tanimboly	++
	Fanaronana ny voly vao mitombo (pépinière)	++
Ady mekanika	Fanesorana ny ravina simba	++
	Fametrahana fandrika miloko mavo misy dity	++


# Fahavalon'ny voly felika eto amin'ny faritra Boeny

	ANARANY MALAGASY	ANARANY FRANTSAY	ANARANY SIANTIFIKA
DIPTERES	Laliboankazo	Mouche orientale des fruits	<i>Bactrocera dorsalis</i>
	Lalitry ny voly iray tarika amin'ny kôkômbra	Mouche des Cucurbitaceae	<i>Dacus demerezi</i>
	Lalitry ny voly iray tarika amin'ny voatabia	Mouche de la tomate	<i>Neoceratitis cyanescens</i>
	Sababaka kely, olitra kely	Mouche mineuse américaine	<i>Liriomyza trifolii</i>
HEMIPTERES	Tamenaka, tangongona	Puceron du cotonnier	<i>Aphis gossypii</i>
	Lalitra fotsy	Aleurode du cotonnier	<i>Bemisia tabaci</i>
HETEROPTERES	Anoano	Punaise noire	<i>Anoplocnemis madagascariensis</i>
	Anoano	Punaise verte	<i>Nezara viridula</i>
ACARIENS		Acarien	<i>Tetranychus urticae</i>
COLEOPTERES	Sarika antany	Vers blancs	<i>Heteronychus spp</i>
	Sarika antany	Vers blancs	<i>Hoplochelus marginalis</i>

# Fahavalon'ny voly felika eto amin'ny Faritra Boeny (tohiny)

	ANARANY MALAGASY	ANARANY FRANTSAY	ANARAN Y SIANTIFIK A
LEPIDOPTERES	Lolo	Teignes des crucifères	<i>Plutella xylostellata</i>
	Sababaka voatabia	Noctuelle de la tomate	<i>Heliothis armigera</i>
	Sababaka mpandavaka karaokany	Foreur de gousses de niébé	<i>Maruca vitrata</i>
	Sababaka lezioneran'ny voatabia	Mineuse de la tomate	<i>Tuta absoluta</i>
	Sababaka landihazo	Ver du cotonnier	<i>Spodoptera littoralis</i>
Maladie	Aretina	Virus des feuilles jaunes en cuillère de la tomate	Tomato Yellow Leaf Curl Virus
		Virus de la mosaïque du manioc	<i>African cassava mosaic virus</i>

## Laliboankazo (Mouche orientale des fruits) *Bactrocera dorsalis* (Diptères Tephritidae)



10 – 12 andro



Soherina  
any anaty tany

9 andro –3  
herinandro

Laliboankazo  
Halavany: 7 - 8 mm



Manatody anaty  
voankazo

1-2 andro



Olitra

---

## Ireo fahavalon'ny laliboakanzo



*Fopius arisanus*

# Laliboankazo

## Fomba famantarana azy

Lalitra: lavalava ny vatany, mirefy 7-8 mm; misy tsipika mavo eo amin'ny andaniny roa ny tratrany (scutum); mavo ny tratrany ambany (scutellum). Misy marika T eo amin'ny vatany (abdomen). Manana fanjaitra hanatodizany anaty voankazo ny vavy.

Olitra: fotsy manompy mavo, tsy misy tongony.

## Fomba fiainany

Mahatratra hatrany amin'ny 75 andro ny fahavelomany. Manatody anaty voankazo ny vavy ary mahatratra hatrany amin'ny 1 500 ny atodiny. Foy ny atody ary lasa olitra afaka 1-3 andro. Mihinana ny atin'ny voankazo ny olitra. Lo ny voankazo dia milatsaka amin'ny tany. Mivoaka ny olitra ary milentika anaty tany. Maharitra 9 – 30 andro ny fitomboan'ny olitra. Mivadika soherina izy ao anaty tany. Ary lasa lalitra afaka 1 – 2 herinandro.

Miparitaka be ity lalitra ity ary afaka manatody amin'ny karazana voankazo sy legioma maro: manga, voasary, konikony, zavoka, goavy, voatavo, sakay, voatabia, oberzina, kokombra, korzety.

## Fisehony eny amin'ny voly


Pentina mainty eny amin'ny hoditry ny voankazo. Lo ny voankazo. Misy faritra malemy ny hodiny. Feno olitra ao anatin'y.

## Fomba enti-miady aminy

Sokajiny	Toromarika ara-teknika	Fahombiazana
Ady gasy	Ranom-panafody azo avy amin'ny ravina na voana 150 maladies na voandelabazaha na koa ny voandelaka, afendraka amin'ny ravina sy ny voany hamonoana ny lalitra.	++
	Ranom-panafody azo avy amin'ny ravina konikony afendraka amin'ny ravina sy ny voany.	++
Ady mekanika	Tsiponina ny voankazo latsaka amin'ny tany, angonina anaty harona plastika, alevina anaty tany.	++
	Fametrahana fandrika madity miloko mavo eny amin'ny hazo.	++
Fampivadiam-boly	Volena katsaka manodidina ny saha hisarihana ny vavy. Hametrahana fandrika misy fanafody biologika ny katsaka.	++
Bibikely mihinana azy	Karazana fangaraka toa ny <i>Fopius arisanus</i>	++

Fadiana ny manary ny voankazo lo eny rehetra eny fa atao anaty harona plastika vao alevina anaty tany. Mila arovana ireo fahavalano ara-boajanahary toa ny fangaraka *Fopius arisanus*

**Lalitry ny voly iray tarika amin'ny voatavo, kôkômbra  
(Mouche des Cucurbitaceae)**  
***Dacus demmerezi* (Diptères Tephritidae)**



Zanadalitra anaty kokombra

# Lalitry ny voly iray tarika amin'ny voatavo sy kôkômbra

## Fomba famantarana azy

Lalitra : lavalava ny vatany, mirefy eo amin'ny 7-8 mm ; Misy marika mavo roa eo andaniny roa amin'ny tratrany (scutum); mavo ny tratrany ambany (scutellum).

Volotany antitra ny sisin'ny elany.

## Fomba fianany

Herinandro aorian'ny fanidinany no manatody ny vavy. Anaty voankazo izy no manatody. Ampolony ny atodiny. Foy ny olitra afaka 1 – 3 andro. Mihinana ny atin'ny voankazo ny olitra. Maharitra herinandro na amambolana ny fitomboany arakaraky ny hafanana sy ny fahamasahan'ny voankazo na legioma. Mihitsana ny voankazo lo. Mivoaka ny olitra dia miditra anaty tany ary mivadika ho soherina. Mivoaka ny lalitra afaka 10 andro na 2 herinandro.

Ireo voly afaka hivelomany: voly iray tarika amin'ny kokombra (Cucurbitacées) toy ny korzety, voatavo, voatango, voajabo, sosety.

## Fisehony


Pentina amin'ny voankazo. Lo ny voankazo. Feno olitra ao anatin'y.

## Fomba enti-miady aminy

Sokajiny	Toromarika ara-teknika	Fahombiazana
Ady gasy	Ranompanafody azo avy amin'ny ravina na voana 150 maladies na voandelabazaha na koa voandelaka, afendraka amin'ny ravina sy voany hamono ny lalitra tonga hanatody.	++
	Ranompanafody azo avy amin'ny ravina konikony afendraka amin'ny ravina sy voany hamono ny lalitra tonga hanatody.	++
Ady mekanika	Tsiponina ny voankazo tany, angonina anaty latsaka amin'ny harona plastika, alevina anaty tany.	++
	Fametrahana fandrika madity miloko mavo eny amin'ny hazo.	++
Fampivadiam-boly	Volena katsaka manodidina ny saha hisarika ny vavy. Asiana fandrika miaraka amin'ny fanafody ahantona eny amin'ny tahokatsaka.	++
Bibikely mihinana azy	Karazana fangaraka toa ny <i>Psyllalia</i> sp.	++

# Lalitry ny voly iray tarika amin'ny voatabia (Mouche des Solanacées)

*Neoceratitis cyanescens* (Diptères Tephritidae)



## Ny fahavalon'ny laliboankazo



# Lalitry ny voly iray tarika amin'ny voatabia

## Fomba famantarana azy

Lalitra: mirefy 5 mm, Vatany (abdomen) miendrika telozoro. Mavo ny antsasaky ny tratrany (scutum). Misy sary lavalava 4 miloko volotany ny elany.

Olitra: miloko fotsy manompy mavo, tsy misy tongony.

## Fomba fiainany

4 – 6 andro aorian'ny fahafoizany no manatody ny vavy. Anaty voankazo izy no manatody. Ampolony ny atodiny. Foy ny olitra afaka 3 – 4 andro. Mihinana ny atin'ny voankazo ny olitra. Maharitra 7 -11 andro ny fitomboany. Mihitsana ny voankazo lo. Mivoaka ny olitra dia miditra anaty tany ary mivadika ho soherina. Mivoaka ny lalitra afaka 2 andro hatramin'ny 2 herinandro.

Ireo voankazo afaka hivelomany: voatabia, sakay isankarazany, karazana angivy, voatabia hazo.

## Fisehony eny amin'ny voly

Misy pentina ny voankazo. Lo ny voankazo. Feno olitra ao anatiny.

## Fomba enti-miady aminy

Sokajiny	Toromarika ara-teknika	Fahombiazana
Ady gasy	Ranompanafody azo avy amin'ny ravina na voana 150 maladies na voandelabazaha na koa voandelaka, afendraka amin'ny ravina sy voany hamono ny lalitra tonga hanatody.	++
	Ranompanafody azo avy amin'ny ravina konikony afendraka amin'ny ravina sy voany hamono ny lalitra tonga hanatody.	++
Ady mekanika	Tsiponina ny voankazo misy tasy na latsaka amin'ny tany, angonina anaty harona plastika, alevina anaty tany.	+++
	Fametrahana fandrika eny amin'ny hazo.	
Fampivadiam-boly	Volena katsaka manodidina ny saha hisarika ny vavy. Asiana fandrika miaraka amin'ny fanafody ahantona eny amin'ny tahokatsaka.	++
Bibikely mihinana azy	Karazana fangaraka toa <i>Psyllalia</i> sp.	++

# Tamenaky ny voatango sy landihazo (Puceron du melon et du cotonnier *Aphis gossypii*)



(Hémiptère: Aphididae)



Reniny manana elatra



Reniny tsisy elatra



# Tamenaky ny voatango sy landihazo

## Fomba famantarana azy

Mirefy 2 mm. Miloko mavo na maintso.

Manana na tsy manana elatra. Lava manindrona ny vavany « rostre » hitsetsefany ny voly. Misy « cornicule » eo amin'ny faran'ny vatany.

## Fomba fiainany

Miteraka na manatody eny amin'ny ravina, taho. Mahatratra 3 isanandro ny atodiny. 5 andro fotsiny ny tsigerimpainany. Mivelona amin' ny tsiro.

Maro ny voly mety hivelomany: voly iray tarika amin'ny kokombra, landihazo, legiominezy toy ny lojy.

## Fomba fisehony eny amin'ny voly

Lasa mavo ny ravina hipetrahany ary mikarainkona na miforitra.

Misy tasy ny voankazo sy ny taho. Tara ny fitomboan'ny voly. Fohy ary miova endrika ny voa (gousses). Mihena ny yokatra azo.

Mitondra aretina: misy olatra maniry (mandavenina na fumagine) izay mandrakotra ny ravina sy ny voany. Manaparitaka aretina (mosaïques des Cucurbitaceae).

## Fomba enti-miady aminy

Sokajiny	Toromarika ara-teknika	Fahombiazana
Ady gasy	Ranom-panafody azo avy amin'ny ravina na voana 150 maladies na voandelabazaha na koa voandelaka, afendraka amin'ny ravina sy voany hamono ny tamenaka.	++
	Fanafody amboarina avy amin'ny menaka azo avy amin'ny voan'ny 150 maladies hamonoana ny tamenaka.	
	Ranom-panafody azo avy amin'ny vovon-tsakay afendraka amin'ny ravina sy voany hamono ny tamenaka.	++
	Ranon-tsavony afendraka amin'ny ravina sy voany hamono ny tamenaka.	++
	Fandrarahana lavenona anelanelan'ny voly (ho an'ny voly felika)	+
Ady mekanika	Esorina ny ravina misy tamenaka raha vao manomboka misy.	++
Fampivadiamboly	Lojy sy apemba na bajiry	
Bibikely mihinana azy	Voangory madinika miendrika sokatra (coccinelles), lalitra (Syrphes), Karazana fangaraka.	++

## Fanamarihana manokana

Tsara raha vao mahita tamenaka eny amin'ny hazo dia efa mandray fepetra mba tsy hiparitahany. Esorina ny ravina misy tamenaka ary dorana. Sasana amin'ny ranotsavony ny ravina sy taho misy tamenaka.

## **Lalitra fotsy**


*Bemisia tabaci* (Hémiptères: Aleyrodidae)



Lalitra fotsy



Lalitra fotsy amin'ny mangahazo



Aretina TYLCV voatabia



Aretina ACMV mangahazo

# Lalitra fotsy

## Fomba famantarana azy

Lalitra fotsy: mirefy 1mm ny halavany, vatany mavo, fotsy ny elany. Voarakotra lasira fotsy ny vatany sy ny elany. Tsy mikatony ny elany rehefa tsy manidina izy.

Zanany: mirefy 0,25 mm – 0,8 mm, fisaka ny vatany, miloko mavo.

## Fomba fiaianany

Miaina 10 – 15 andro. Manatody ambadiky ny ravina. Mitsetsitra ny ravina, taho.

Manatody 250 isa eo ny lalitra fotsy nefo miovaova arakaraky ny zavamaniry hivelomany.

Ny faharetan'ny fivoaran'ny zanany ho lasa lalitra fotsy dia 20 andro.

Maro ny karazamboly mety iveloman'ny lalitra fotsy: paraky, mangahazo, voatabia, kokombra, angivy, korizety, laisoa.

## Fomba fisehony eny amin'ny voly

Malazo ny ravina. Mety mahafaty ny voly rehefa maro ny lalitra fotsy mipetraka amin'ny taho (plant) iray. Mamindra aretina. TYLCV (Tomato yellow Leaf Curl Virus) izay toa izao ny fisehony: mikarainkona ny ravina, miendrika sotrokely, misy tasy mavo. ToMV (Tomato mosaic virus) ou virus de la mosaïque de la tomate ary ACMV (African Cassava Mosaic Virus) mosaïque africaine du manioc izay mampalazo sy mampikarainkona ny ravina.

## Fomba enti-miady aminy

Sokajiny	Toromarika ara-teknika	Fahombiazana
Ady gasy	Ranompanafody azo avy amin'ny ravina na voana 150 maladies na voandelabazaha na koa voandelaka, afendraka amin'ny ravina sy taho hamono ny lalitra.	++
	Ranompanafody azo avy amin'ny vovotsakay afendraka amin'ny ravina sy taho hamono ny lanitra.	++
	Ranontsavony afendraka amin'ny ravina sy taho hamono ny lalitra.	++
	Fandrarahana lavenina manelanelana ny voly (culture en bandes parallèles)	++
Voly fandrika	Bazilika	++
Fifandimbiasamboly	Tongolo	++
Ady mekanika	Fametrahana fandrika mavo misy dity	++
Bibikely mihinana azy	Voangory madinika miendrika sokatra (Coccinelles), lalitra (Chrysopes), Karazana fangaraka, karazana anoano.	++

**Halakely (Acarien tisserand)**  
***Tetranychus urticae* (Acariens Tetranychidae)**



Soherina



Reniny



Reniny

# Halakely

## Fomba famantarana

Mizara roa ny vatany: lohany (cephalothorax) sy ny vatany ariana (abdomen). Mandalo dingana dimy ny fomba fitomboany: atody, olitra, soherina (protonymphe, deutonymphe), ny reniny (adulte).

Olitra: 0,13 – 0,16 mm, boribory ny vatany, 6 ny tongony, mena ny masonry; Soherina: 0,17 – 0,36 mm, 8 ny tongony, mavo tanora na maintso ny lokony; Reniny: 0,3 mm (lahy), 0,4 mm (vavy), 8 ny tongony. Miovaova ny lokony: volomboasary, mena, volontany, mainty.

## Fomba fiaianany

Manatody ambadiky ny ravina ny reniny. Mety mahatratra hatrany amin'ny 100 ny atodiny.

Maharitra 7 andro ( $30^{\circ}\text{C}$ ) ka hatramin'ny 36 andro ( $16^{\circ}\text{C}$ ) ny tsigerimpiaianany. Mitsetsitra ny ravina.

Maro ny karazamboly mety hivelomany: mangahazo, hazo fihinamboa, voly iray tarika amin'ny voatabia, kokombra sy laisoa.

## Fomba fisehony eny amin'ny voly

Pentina mavo eny amin'ny ravina; Malazo ny ravina. Mety mahafaty ny voly rehefa maro loatra ny halakely mipetraka amin'ny zavamaniry iray.

## Fomba enti-miady aminy

Sokajiny	Toromarika ara-teknika	Fahombiazana
Ady gasy	Ranompanafody azo avy amin'ny ravina na voana 150 maladies na voandelabazaha afendraka amin'ny ravina sy taho hamono ny halakely.	++
	Fanafody vita avy amin'ny menaka azo avy amin'ny voana 150 maladies afendraka amin'ny ravina sy taho hamono ny halakely.	++
Bibikely mihinana azy	Voangory madinika miendrika sokatra (coccinelles)	++

# Lolon'ny laisoa Teigne des crucifères

## *Plutella xylostella* (Lépidoptères Putelliidae)



Lolo  
Halavany:6mm



Soherina



Fanday  
Halavany:3-8mm



Fahavoazana eo amin'ny laisoa

# Lolon'ny laisoa

## Fomba famantarana azy

Lolo: Mirefy 6mm. Miloko volotany.

Sababaka: miloko maintso. Misy marika V eo amin'ny faran'ny vatany.

## Fomba fiainany

Manatody 20 – 40 eo amin'ny ravina isaky ny manatody (300 isaky ny vavy iray). Maharitra 9 – 32 andro ny tsingerimpiaianany ary mirefy 1,7 – 11 mm ny sababaka. Mihinana ny voa (gousse) ny sababaka. Mivadika ho soherina ny sababaka afaka 32 andro , ary lasa samoina ao anaty 5 -15 andro.

Ireo voly mety hivelomany: karazana laisoa, brocoli, navet, radis.


## Fomba fisehony eny amin'ny voly

Loadoaka ny ravina. Mety mahafaty ny voly raha betsaka ny lolo amin'ny voly iray.

## Fomba enti-miady aminy

Sokajiny	Toromarika ara-teknika	Fahombiazana
Ady gasy	Ranom-panafody azo avy amin'ny ravina na voana 150 maladies na voandelabazaha na koa voandelaka, afendraka amin'ny ravina hamono ny samoina sy sababaka.	++
	Ranom-panafody azo avy amin'ny vovon-tsakay afendraka amin'ny ravina hamono ny samoina sy sababaka.	++
	Amanin'ombivavy afendraka amin'ny ravina hamonoana ny sababaka.	++
Fampivadiam-boly	Voatabia	++
	Fifandimbiasam-boly	++
Fomba fambolena	Tondrahana isankariva ny voly hanalana ny sababaka mba tsy hipetrahan'ny vavy hanatody.	+
Bibikely mihinana azy	Karazana fangaraka	++

# Sababaky ny voatabia (Noctuelle de la tomate) *Helicoverpa armigera* (Lépidoptères Noctuidae)



# Sababaky ny voatabia

## Fomba famantarana azy

Mirefy 18 mm ny samoina. Misy teboka 7 amin'ny elany ambony, misy pentina matroka eo afovoany. Sababaka: mirefy 3 – 33 mm, miovaova ny lokony: maintso, mavo, volotany. Misy tsipika mainty 3 manaraka ny lamosiny ary mavo amin'ny sisin'ny vatany.

## Fomba fiaainany

Afaka mivelona mandiry ny 3 herinandro ny samoina. Manatody eny amin'ny tsirimboninkazo sy ravina tanora (Ravina 4 voalohany) ny vavy. Mahatratra anarivony ny atodiny. Foy anaty 2- 4 andro ny atody. Mihinana ny tsirimboninkazo, ny voany, ny voatabia ny sababaka. Maharitra 14 – 24 andro ny fitomboany. Miditra anaty tany ny sababaka lehibe ary mivadika ho lasa soherina. Lasamoina ny soherina afaka 10 – 14 andro.

Marobe ny voly ahafahany mivelona: voatabia, katsaka, ampemba, legiominezzy.

## Fomba fisehony eny amin'ny voly

Mihitsana ny felana. Misy lavaka amin'ny voatabia; Mihinana ny voan'ny Legiominezzy. Mihinanana ny tsiry sy voany amin'ny katsaka, bajiry sy apemba.

## Fomba enti-miady aminy

Sokajiny	Toromarika ara-teknika	Fahombiazana
Ady gasy	Ranompanafody vita avy amin'ny ravina 150 maladies na voandelabazaha, fendrahana amin'ny ravina voatabia na katsaka na apemba.	++
	Fanafody vita avy amin'ny menaka azo avy amin'ny voana 150 maladies, afendraka amin'ny ravina hamono ny sababaka.	++
	Vovoka 150 maladies afangaro amin'ny zezika mba hamono ny soherina	++
	Amanin'ombivavy afendraka amin'ny ravina mba hamonona ny sababaka	++
Ady mekanika	Fiavana ny tany hamonona ny soherina.	+
	Fanangonana sy famonoana ny sababaka	+
Fampivadiam-boly	Mangahazo, akondro, tanamasoandro.	++
	Voninkazo maniry ho azy eny amin'ny manodidina ny saha (Bemaimbo ohatra izay mampilefa ny lolovavy)	+
Fifandimbiasam-boly	Legiominezzy.	++
Bibikely mihinana azy	Karazana fangaraka	++

# Sababaky ny ravina sy voan'ny voatabia (Chenille mineuse de la tomate)

***Tuta absoluta* (Lépidoptères Gelechiidae)**



Halavany:7

Lolo



Halavany:7

Soherina



Halavany:4-7,3

Sababaka



Fahasimbana eo amin'ny taho sy  
ravina voatabia

Fahasimbana eo amin'ny voana voatabia

# Sababaky ny ravina sy voan'ny voatabia

## Fomba famantarana azy

Samoina: mirefy 6-7 mm, miloko volondavenina manompy volafotsy, misy pentina mainty. Latsaky ny 1 mm ny habean'ny atody.

Sababaka: maintso, mavokely. Misy marika roa hita tsara eo amin'ny lohany.

Soherina mijanona eo amin'ny voly (plant), na miofo any anaty tany.

## Fomba fiainany

Miaina 6-7 andro ny lahy ary 10-15 andro ny vavy. Manatody ambadiky ny ravina, ny taho tanora, ny felana ny vavy, ary mahatratra 40 – 250 ny atodiny. Foy ny atody ao anaty 4 -6 andro. Miditra anaty ravina, taho, voany ny sababaka. Maharitra 10 – 12 andro ny fitombony. Rehefa hiofo ny sababaka dia na mijanona ao anaty lavaka (galerie), na miditra anaty tany. Lasa samoina ny soherina ao anaty 10 – 12 andro.

Ireo voly hafa afaka hivelomany: voly iray tarika amin'ny voatabia toy ny aubergine, sakay, ovy.

## Fomba fisehony eny amin'ny voly

Misy faritra mazava eny amin'ny ravina avy nidiran'ny sababaka; loaka ny voatabia; lany nynofon'ny voatabia , lo ny voatabia.

## Fomba enti-miady aminy

Sokajiny	Toromarika ara-teknika	Fahombiazana
Ady gasy	Ranompanafody vita avy amin'ny ravina 150 maladies (voandelabazaha), na voandelaka hafendraka amin'ny vony, ravina, taho, voany hamonoana ny samoina sy ny sababaka.	++
	Fanafody vita avy amin'ny menaka azo avy amin'ny voana 150 maladies, afendraka amin'ny ravina hamono ny sababaka.	++
	Vovoka 150 maladies ampiarahana amin'ny zezika hamonoana ny soherina.	++
Fampivadiamboly	Katsaka na apemba.	++
Fifandimbiasamboly	voanemba, mangahazo.	++
Ady mekanika	Fiavana ny tany hamonona ny soherina.	+
	Fanangonana ny voatabia simba sy famotehana azy.	+
Bibikely mihinana azy	Karazana fangaraka	++

**Jorerikelin'ny ovy (Cicadelle de la pomme de terre)**  
***Empoasca fabae* – (Hémiptères Cicadellidae)**



Reniny



Zanany



Zanany (L1, L3, L4, L5)

# Jorerikelin'ny ovy

## Fomba famantarana azy

Reniny: 3 - 4 mm, miloko maintso tanora, misy pentina fotsy ny lohany, ny tratrany (thorax), ny tratrany aoriana (scutellum); lava ny tongony, misy tsilo (épines). Lavabe ny elany, mihoatra ny tenany, mitaratra (translucide)

Zanany: 0,5 - 3 mm (L5), miloko maintso tanora, lava ny tongony (afaka mitsambikina), misy tsilo (épines). Atody: 1mm, miloko maintso.

## Fomba fiaianany

Roa andro aorian'ny fanidinany no mikambana ny lahy sy vavy. Matoa ny vavy ao anaty 3-8 andro. Manatody 3 - 4 isan'andro izy mandritry ny andro iainany (30 – 60 andro). Eny amin'ny kiran'ny ravina (nervure), foton'ny ravina (pétirole) na ny taho izy no manatody. Foy ao anaty 10 andro ny atody. Lasa reniny (adulte) anaty 20 – 35 andro. Mitsetsitra ny ravina ny zanany sy ny reniny. Mandefa poizina (toxine) misakana ny fikorianan'ny tsiron-kazo (sève).

## Fomba fisehony eny amin'ny voly

Tasy amin'ny ravina (brûlure de cicadelle). Miitatra ny tasy. Maina ny ravina. Mihareraka ny voly. Mety mahafaty ny voly.

Ireo voly afaka hivelomany: ovy, tsaramaso (haricot vert), kokombra, voatavo, angivy (aubergine), korizety, soja, vomanga.

## Fomba enti-miady aminy

Sokajiny	Toromarika arateknika	Fahombiazana
Ady gasy	Fanafody vita avy amin'ny menaka azo avy amin'ny voana 150 maladies afendraka amin'ny ravina hamono ny reniny sy zanany	++
	Fanafody vita amin'ny ravina paraky afendraka amin'ny ravina hamono ny zanany (L4)	++
	Ranotsavony afendraka amin'ny ravina hamono ny zanany (L1 –L3)	+
Bibikely mihinana azy	Anoanao (Nabidae, Anthocoridae, Geocoridae), voangory madinika miendrika sokatra (coccinellidae), Karazana fangaraka	++
	Hala	++

**Sarisarin-jorery (Thrips du tabac)**  
***Thrips tabaci* – (Thysanoptères Thripidae)**



Reniny sy zanany



Tasy eny amin'ny ravina vokatry ny tsetsitry ny Thrips

# Sarisarin-jorery (Thrips)

## Fomba famantarana azy

Vavy: 0,8 – 1,2 mm, fohy noho ny vatany ny elany, misy volo milahatra manaraka ny sisiny; miloko mavo na volotany tanora (beige) na antitra (miova araka ny voly ivelomany).

Lahy: tsy manana elatra

Zanany: 0,4 – 0,7mm, miloko mavo tanora, mena ny masonry.

Atody: 0,2 mm

## Fomba fiaainany

Miaina 2 - 4 herinandro. Manatody 2-5 isan'andro anaty ravina ny vavy. Mahatratra hatrany amin'ny 100 ny atodiny. Foy anaty 4 - 15 andro ny atody. Lasa soherina ny zanany (larve) ao anaty 10 - 14 andro ary milatsaka ka miditra anaty tany. Lasa reniny ny soherina afaka 2 – 5 andro. Mitsetra ny tsironkazo amin'ny ravina ny reniny sy zanany.

Mila hafanana mihoatran'ny 11°C izy hivelomany.

## Fomba fisehony eny amin'ny voly

Misy tasy fotsy ny ravina. Maina ny ravina. Mihareraka ny voly. Mety mahafaty ny voly.

Ireo voly afaka hivelomany: ovy, voatabia, tsaramaso (haricot vert), kokombra, voatavo, angivy (aubergine), korizety, laisoa, soja, vomanga.

Mitondra aretina: TSWV (Tomato Spotted Witt Virus) ou virus de la maladie bronzée de la tomate.

## Fomba enti-miady aminy

Sokajiny	Toromarika ara-teknika	Fahombiazana
Ady gasy	Fanafody vita avy amin'ny menaka azo avy amin'ny voana 150 maladies afendraka amin'ny ravina hamono ny reniny sy zanany	++
	Fanafody vita amin'ny ravina paraky afendraka amin'ny ravina hamono ny zanany (L4)	++
	Ranotsavony afendraka amin'ny ravina hamono ny zanany (L1 –L3)	+
	Ny orana, ny fanondrahana dia manala ny reniny sy zanany.	++
Bibikely mihinana azy	Anoano (Nabidae, Anthocoridae, Geocoridae), voangory madinika miendrika sokatra (coccinellidae), Karazana fangaraka	++
	Hala	++

# Fomba fiarovana afaka atao amin'ny voly felika hiadiana amin'ireo bibikely mpanimba voly



## Fampivadiamboly

Ny fampivadiamboly dia fomba mahomby entina miaro ny voly felika amin'ny bibikely mpanimba voly. Ohatra: petsai sy tongolo (voly mandravina sy voly mamody)

## Vonikazo mavoadala

Fambolena voninkazo mavoadala amin'ny sisin'ny fatana dia mampandositra ireo bibikely mpanimba voly



## Torohevitra hafa hiadiana amin'ny bibikely mpanimba voly sy ny aretina

Anisan'ny ady atao amin'ny bibikely mpanimba ny voly ny famadihana azy ireo ho sakafon'ny biby fiompy na koa ho an'ny olombelona. Ohatra amin'ny bibikely fihinana ny valala, ny sababaka sy ny anoano.

Tokony ho esorina ny ravina sy ny voa marary na lo. Mba tsy hanariana azy ireny foana, dia afaka havadika kaomposta izy ireny.

# Fahavalon'ny hazo fihinamboa eto amin'ny Faritra Boeny

	ANARANY MALAGASY	ANARANY FRANTSAY	ANARANY SIANTIFIKA
HEMIPTERES	Pondy fotosy	Cochenille du papayer	<i>Paracoccus marginatus</i>
	Tamenaka	Puceron du cotonnier	<i>Aphis gossypii</i>
DIPTERES		Mouche malgache des fruits	<i>Ceratitis malgassa</i>
HOMOPTERES		Psylle des agrumes	<i>Trioza erytreae</i>
MALADIES	Aretina	Greening des agrumes	<i>Candidatus L. africanus.</i>

# Pondy fotsy, kipotsy cochenille du papayer

Paracoccus marginatus (Pseudococcidae)



Pondy amin'ny taho sy  
ravina manga

Pondy amin'ny ravina papay



Ravina malazo noho ny  
pondy

Pondy eo amin'ny voany

# Pondy fotsy

## Fomba famantarana azy

Vavy: fisaka ny vatany, mirefy 3 mm ny halavany; Tsy manana elatra. Miloko mavo ny vatany ary voarakotra lasira miloko fotsy. Lahy: mirefy 1mm, manana elatra, tsy misy vavany. Zanany: miloko mavo tanora.

## Fomba fiainany

Mipetraka ambadiky ny ravina, eny amin'ny taho sy eny amin'ny voa ny pondy. Manatody eo amin'ny toerany ny vavy, ary mahatratra hatramin'ny 600 ny atodiny. Voaaro anaty kitapo vita amin'ny lasira ny atody. Maharitra 25 andro ny tsigerimpiainan'ny vavy ( $25^{\circ}\text{C}$ ) ary 28,5 andro ny an'ny lahy. Maivana ka mora entin'ny rivotra ny pondy.

Ireto ny voly mety hifindran'ny pondy *Paracoccus marginatus*: papay, voasary, konikony, voatabia, manga, aubergine, mangahazo, amberivatry.

## Fomba fisehony eny amin'ny voly


Zanany sy reniny maro no mitsetra ny tsironkazo (sève) ary mandreraka ny faritra voa izay lasa mavo na malazo na maratra. Mihintsana ny ravina. Tara ny fitomboan'ny voly. Milatsaka mialoha ny fotoana tokony ihotazana azy ny voa. Mandreraka ary mety mahafaty ny voly. Mitondra aretina: misy olatra maity maniry (fumagine) izay mandrakotra ny ravina sy ny voany.

## Fomba enti-miady aminy

Sokajiny	Toromarika ara-teknika	Fahombiazana
Ady gasy	Ranom-panafody azo avy amin'ny ravina na voana 150 maladies (voandelabazaha) na koa voandelaka afendraka amin'ny vony, ravina, taho, voany hamonoana ny pondy.	++
	Fanafody vita avy amin'ny menaka azo avy amin'ny voana 150 maladies, afendraka amin'ny ravina hamono ny pondy.	++
	Ranompanafody azo avy amin'ny sakay afendraka amin'ny vony, ravina, taho, voany hamonoana ny pondy	++
	Amanin'omby afendraka amin'ny vony, ravina, taho, voany hamonoana ny pondy	++
	Ranon-tsavony tondrahana amin'ny pondy sy hanasana ny taho	++
Ady mekanika	Esorina ary dorana ny ravina efa malazo.	++
Fomba fambolena	Asiana zezika hampatanjaka ny voly	++
Bibikely mihinana azy	Voangory madinika miendrika sokatra (coccinelles), karazana fangaraka	++

# Laliboankazo malagasy (mouche des fruits malgache)

## *Ceratitis malgassa* (Diptères Tephritidae)



### Ireo fahavalon'ny laliboakanzo



# Laliboankazo malagasy

## Fomba famantarana azy

Lalitra: Mirefy 5-6 mm, mavo ny lohany, maintso ny masonry. Mainity ny tratrany ary misy marika fotsy sy mavo. Vatany miendrika telozoro, miloko volontany mavo sy volondavenona. Misy sarisary 4 miloko volotany ny elany.

Olitra: fotsy manompy mavo, mirefy 7 - 9 mm.

## Fomba fiainany

4 – 14 andro aorian'ny fanidinany (émergence) vao afaka manatody ny vavy. Manatody 1 - 6 anaty voankazo iray ny vavy. Mahatratra 250 ny atodin' ny vavy iray. Foy ny atody afaka 2 – 9 andro. Mihinana ny atin'ny voankazo ny olitra. Mivadika ho soherina afaka 9 – 19 andro. Ary lasa lalitra afaka 9 – 10 andro.

Marobe ny voankazo afaka hitomboan'ny lalitra: voasary, manga, goavy, sakoamanga, mokonazy, paiso, paoma, rotra.

## Fisehony eny amin'ny voly

Misy pentina ny voankazo. Lo ny voankazo. Feno olitra ao anatin.

## Fomba enti-miady aminy

Sokajiny	Toromarika ara-teknika	Fahombiazany
Ady gasy	Ranompanafody azo avy amin'ny ravina na voana 150 maladies (voandelabazaha) na koa voandelaka, afendraka amin'ny ravina sy voany hamonoana ny lalitra.	++
	Fanafody vita amin'ny menaka azo avy amin'ny voana 150 maladies, afendraka amin'ny ravina hamono ny pondy.	++
	Ranompanafody azo avy amin'ny ravina konikony afendraka amin'ny ravina sy voany hamonoana ny lalitra.	++
Ady mekanika	Tsiponina ny voankazo latsaka amin'ny tany, angonina anaty harona plastika, alevina anaty tany.	
	Fametrahana fandrika eny amin'ny hazo toy ny fandrika mavo misy dity.	++
Fampivadiam-boly	Volena katsaka manodidina ny saha. Misakafo eny amin'ny katsaka ny lalitra. Fendrahana fanafody ny katsaka hamonona ny lalitra.	++
Bibikely mihinana azy	Karazana fangarakana	++

## Bibikelin'ny voasary (Psylles des agrumes) *Trioza erythrea* (Hémiptères Triozidae)



Halavany:3

Reniny



Zanany (nymphé)  
ambadiky ny ravina



Zanany (nymphé)



Ravina misy zanany



Voasary tratry ny aretina

# Bibikelin'ny voasary

## Fomba famantarana azy

Bibikely mirefy 3-4 mm, miendrika jorery. Mainity ny lohany sy ny tandrony (10 ny vaniny). Fisaka ny zanany (nymphes) ary misy kofehy (filament) fotsy.

## Fomba fiainany

Mivelona mandrity ny 17 – 50 andro. Manatody amin'ny ravina, mahatratra hatramin'ny 2 000 ny atodiny. Foy ny atody afaka 6 – 15 andro. Mitombo eny amin'ny ravina anaty fonony (coccon) miendrika lagaly ny zanany (nymph). Maharitra 17 hatramin'ny 43 andro ny tsingerimpiaianan'ny zanany.

Fomba fifindrany: afaka mitsambikina, afaka manidina.

Ny voasary ihany ny voly afaka hivelomany.

## Fisehony eny amin'ny voly

Lasa mavo ny ravina, maina ary mihintsana. Misy loadoaka ny ravina, miendrika lagaly. Mety ho faty ny hazo. Maintso tapany ny voasary.

Mamindra aretina: greening na Huanglongbing entin'ny otrikaretina *Candidatus L. africanus*.

## Fomba enti-miady aminy

Sokajiny	Toromarika ara-teknika	Fahombiazany
Ady gasy	Ranom-panafody azo avy amin'ny ravina 150 maladies (voandelabazaha) sy mapaza, hafendraka amin'ny ravina hamonoana ny bibikely Psylles.	++
	Fanafody vita amin'ny menaka azo avy amin'ny voana 150 maladies, afendraka amin'ny ravina hamono ny pondy.	++
	Ranom-panafody azo avy amin'ny sakay sy tongolo gasy, hafendraka amin'ny ravina hamonoana ny bibikely Psylles.	++
Ady mekanika	Esorina ny felana misy bibikely.	++
	Esorina ny hazo tratry ny aretina.	++
Bibikely mihinana azy	Lalitra (Syrphidae), Voangory madinika miendrika sokatra (coccinelles), Vitsika (Camponotus, Cheilomenes), Karazana fangaraka (Brachygastra mellifica, Tamarixia radiata)	++

## Ireo bibikely hafa mpanimba ny hazo fihinamboa



Fanday mihinana ravina voasary



Binbin-tsaonjo mihinana ravina voasary



Ankoatra ny pondy fotsy (cochenilles farineuses) izay mirakotra lasira fotsy, misy ny karazana pondy hafa tsy misy lasira fa ampinga (bouclier) no mandrakotra ny tenany. Ohatra amin' ny sary aseho eto ambonny (*Lepidosaphes beckii*)




Akora koa dia biby mpanimba ireo hazo fihinamboa sy ny voly felika



# Fahavalon'ny voly vary eto amin'ny Faritra Boeny

	ANARANY MALAGASY	ANARANY FRANTSAY	ANARAN Y SIANTIFI KA
LEPIDOPTERES		Pyrale du riz	<i>Nymphula depunctatus</i> ou <i>Paraponyx stagnalis</i>
	Sababaka fotsy	Borer blanc africain	<i>Maliarpha separatella</i>
	Sababaka mavokely	Borer rose	<i>Sesamia calamistis</i>
HETEROPTERES	Anoano maintso	Punaise verte	<i>Nezara virdiula</i>
	Besoroka	Punaise noire	<i>Anoplocnemis madagascariensis</i>
COLEOPTERES	Haombary	Pou épineux	<i>Dicladispa gestroi</i>
	Sarika an-tany	Ver blanc	<i>Heteronychus arator</i> <i>Heteronychus plebius</i>
	Sarika an- tany Voangory fotsy vody	Ver blanc	<i>Hoplochelus marginalis</i>

**Sarika an-tany (Ver blanc)**  
***Heteronychus arator* (Coléoptères Dynastidae)**



# Sarika an-tany

## Fomba famantarana azy

Voangory: mirefy 12 -15 mm ny halavany, miloko mainty mangirana, misy pentipentina mainty manao tsipiaka ny elany ny lamosina ary somary mena ny kibony .

Sakivy manana endrika C, fotsy ny vatany, mavo ny lohany, mahitsy ny fandehany.

## Fombafiainany

Mety maharitra herintaona ny fahavelomany. Manatody ary mivelona any anaty tany (latsaky ny 50 mm ny halaliny) ny voangory sy ny sakivy (tsokivivy, tsilambolambontany). Maharitra ambolana ny vavy no manatody ary mahatratra anjatony ny atodiny. Apetrary manakaiky ny faka ny atodiny. Mihinana ny fototry ny taho ny voangory ka mahafaty ny voly. Atody: febroary – martsa; sakivy: martsa – septambra, soherina: aogositra – septambra, voangory: oktobra – martsa.

Maro ireo karazamboly mety hivelomany: vary, katsaka, legiominezy, voly felika eny amin'ny taninjanaboly (pépinière).

## Fomba fisehony eo amin'ny voly

Mihamaina ny ravina. Maty ny voly. Azo endahana mora amin'ny tanana. Misy banga tsy misy voly ny tanimboly.


## Fomba enti-miady aminy

Sokajiny	Toromarka ara-teknika	Fahombiazany
Ady gasy	Ravina 150 maladies (voandelabazaha) voatoto ampiarahana amin'ny zezika compost dia mamono ny sakivy any anaty tany.	++
	Sisam-bolin'ny Brakiaria dia mamono ny sakivy.	++
Fomba fambolena	Fiasana ny tany hamonona ny sakivy	++
Fampivadiam-boly	Mokona	++
Fifandimbiasam-boly	Lojy, mahogo.	++
Bibikely mihinana azy	Karazana fangaraka (hyménoptères), lalitra, kankana, holatra (Metarthizium)	++

## Fanamarihana

Ny voangory fotsy vody (*Hoplochelus marginalis*), dia karazana sarika antany hafa mety hita eny amin'ny voly. Ny sakivy no manimba ny fakan'ny voly.

**Sababaka fotsy (Borer blanc)**  
***Maliarpha separatella* (Lépidoptères Pyralidae)**



# Sababaka fotsy

## Fomba famantarana azy

Lolo: mirefy 1,1 sm (lahy) 1,4 sm (vavy), miloko mavo mangirana. Sababaka: mirefy 0,5 – 3 sm, miloko fotsy.

## Fomba fiainany

Miaina herinandro ny lolo. Mandeha amin'ny alina. Manatody anaty 5 andro ny vavy, amin'ny ravina no ametrahany ny atodiny izay mety mahatratra 50 (300 isaky ny vavy). Foy ny atody ao anaty herinandro. Miparitaka ny sababakely mialoha ny hidirany ao anaty taho. Mivadika ho soherina (2 - 2,2 sm) izy afaka 20 -70 andro. Lasa lolo ny soherina afaka 10- 60 andro. Ny vary ihany no voly afaka hivelomany.


## Fomba fisehony eny amin'ny voly

Ravina misy atody mifampiraikitra. Manakofa ny vary.

## Fomba enti-miady aminy

Sokajiny	Torolalana teknika	Fahombiazana
Ady gasy	Ranom-panafody azo avy amin'ny ravina na voana 150 maladies (voandelabazaha) na koa voandelaka, hafendraka amin'ny ravina hamonoana ny sababaka.	++
Ady mekanika	Fakana ny ravina misy atody sy famotehana azy	++
	Fiasana ny tany	++
	Fampidirana rano ny tanimbary	++
Fahavalo araboajanahary	Karazana fangaraka ( <i>Telenomus sp., Bracon sp., Phanerotoma chaussurei</i> ), vitsika, bibitsofina	++

## **Sababaka mpanapaka ravim-bary Nymphula depunctalis (Pyralidae)**



---

### **Ireo fahavalon'ny *Nymphula* sp**



*Elasmus* sp.



*Apanteles* sp.



*Pediobius* sp.



*Apsilops* sp.

# **Sababaka mpanapaka ravim-bary (fonovilona)**

## **Fomba famantarana azy**

Lolokely (10-12 mm) miloko fotsy; Sababaka miloko maintso.

## **Fomba fiainany**

Mivelona 4 – 6 andro ny samoina. Maharitra 35 – 40 andro ny tsigerimpiaianany. Manatody eny amin'ny ravina. Manao laharana maro ny atody. Enina (6) andro aorian'ny fahafoizany dia manapaka ravina ny sababaka. Miforitra ny ravina misy ny sababaka, maina ary milatsaka anaty rano. Entin'ny rano ilay ravina misy ny sababaka. Mifindra amin'ny tahom-bary hafa ny sababaka ary manomboka mihinana ravina. Mifindra toy izany amin'ny tahombary maro ny sababaka mandritra ny 20 andro. Mivadika soherina izy avy eo. Ary lasa lolo afaka 4-7 andro.

## **Fomba fiisehony eny amin'ny voly**

Ravimbary tapatapaka, ravim-bary misy sababaka miparitaka ao an-tanimbary.

## **Fomba enti-miady aminy**

Sokajiny	Torolalana ara-teknika	Fahombiazana
Ady gasy	Ranom-panafody azo avy amin'ny ravina na voana 150 maladies (voandelabazaha) na koa voandelaka, afendraka amin'ny ravina hamonoana ny sababaka.	++
	Ranompanafody vita avy amin'ny 150 maladies aparitaka avy eny andoharano.	++
Fomba fambolena	Fandritrana ny tanimbary mandritra ny 3 andro.	++
	Fanadiovana ny manodidina ny tanimbary hanesorana ny ahitra maniry izay mety hiveloman'ny sababaka amin' ny fotoana tsy fision'ny vary	++
Bibikely mihinana azy	Karazana fangaraka ( <i>Apanteles sp.</i> , <i>Bracon sp.</i> , <i>Pediobius sp.</i> )	++

## **Fanamarihana manokana**

Mandray fepetra raha vao mahita ravina miparitaka eny amin'ny ranon-tanimbary.

# Kiboroty, kijeja, valala (Larves de criquet) (Orthoptères - Acrididae)

Kiboroty (kijeja)

Valala



Andiam-balala

Valala mihinana  
sy manimba  
ravina anana



# Kiboroty, kijeja

## Fomba famantarana azy

Mirefy 1,5 - 2 sm ny kiboroty ary mahatratra 6 sm ny valala; miloko maintso sy volontany. Mafy ny elany ambony (élytre). Fomba hanavahana ny zanany (larves) sy reniny (adulte) ny elany: fohy ny elatra vao mitsiry hita eny amin'ny zanany; mandrakotra ny vatany ny elany ho an'ny reniny. Manana fiavahana manokana ny tongony fahatelo: lava mba ahafahany mitsambikina ary misy tsilo (épines) izay ahafahany mamoaka feo rehefa mifampikasoka amin'ny elatra (stridulation).

## Fomba fiaianany

Afaka mivelona roa volana ny valala. Manatody anaty tany ny vavy ary mahatratra 40 ny atodiny. Foy ny atody afaka roa herinandro na ambolana maro arakaraka ny toetrandro. Maharitra telo herinandro na amabolana maro ny tsingerimpiainan'ny zanany.

Afaka mandeha irery (solitaire) na manao andiany (gréginaire) ny valala. Ny voly, ny hafanana, ny orana, ny rivotra no isan'ny mahatonga azy ireo ho tafangona amin'ny toerana iray. Miaraka fohy ny atody, tsy misaraka ny zanany miarafoyy (bandes larvaires), tsy misaraka ny reniny (essaim). Tsy mitovy ny loko sy ny fomba fiaianan'ny valala mandeha irery sy ny valala manao andiany.

Ny zavamaniry vao mitsiry no tena tian'ny valala mandeha irery: bozaka, vary, katsaka, legiominezy. Mahalany sakafo mitovy lanja aminy isan'andro ny valala iray. Rehefa manao andiany ny valala dia tsy mifidy ny zavamaniry hohaniny ary mandripaka ny voly rehetra lalovany.


## Fomba fisehony eny amin'ny voly

Lanin'ny valala ny taho sy ravina vao mitsiry; Ny vary vao avy naketsa sy ny legiominezy vao mitsiry no tena tian'ny valala mandeha irery. Tsy misy hotazana intsony ny voly rehefa tratry ny adiambalala.

## Fomba enti-miady aminy

Sokajiny	Torolalana teknika	Fahombiazana
Ady gasy	Ranompanafody azo avy amin'ny ravina na voan'ny nimo hafendraka amin'ny voly hamonoana ny kiboroty, ny kijeja sy ny valala.	++
Ara-pambolena	Fanarahamaso ny ketsa	++
	Fanadiovana ny sisintanimbary. Mivelona eny amin'ny bozaka sy ampanga ny kiboroty amin'ny fotoana tsy fanirian'ny vary.	++
Ady mekanika	Tsy tia tabataba ny kiboroty sy ny valala : asiana harona « sachet » miantona na « bande cassette » manodidina ny tanimboly. Rehefa tsofin'ny rivotra ireo dia mamoaka feo ka mampandositra ny kiboroty sy ny valala.	++

**Haom-bary (Poux épineux du riz)**  
***Dicladispa gestroi* (Coleoptera Hispidae)**



Voangory



Fisehon'ny fahavoazana eny an-tanimbarry

# Haom-bary

## Fomba famatarana azy

Mirefy 5 mm ny voangory, miloko mainty somary volondavenona. Fisaka ny vatany. Miendrika efajoro ny tratrany ary misy tsilo 5 andaniny avy. Misy tsilo (épines) lava sy fohy ny elany.

Fisaka ny sakivy, mirefy 2,4 mm.

## Fomba fiainany

Mivelona 14 andro (lahy) ary 20 andro (vavy). Manatody amin'ny ravina ny vavy ary mahatratra hatramin'ny 100 ny atodiny. Foy ny atody afaka 5 andro. Miditra anaty ravina ny sakivy ary mivelona ao. Mivadika ho soherina afaka 7 – 12 andro ary lasa voangory afaka 4 - 5 andro. Mikiky ny ravina ny voangory.

## Fomba fisehony eny amin'ny voly

Eny amin'ny ketsa no tena betsaka ny fahavoazana. Misy tasy fotosy lavalava ny ravina. Mihitatra ny tasy. Lasa fotosy ny ravimbary. Mihamaina ary maty ilay voly.

## Fomba enti-miady aminy

Sokajiny	Torolalana ara- teknika	Fahombiazana
Ara-pambolena	Ny lalandrano sy ny manodidina dia tokony diovina, esorina ny ahidratsy hifindran'ny hao.	++
	Totoina ny valavelona na 150 maladies dia araraka andoharano	++
	Valavelona atsatoka eny antanimbary: mampilefa ny haombary	++
	Fanesorana ny tahombary miaraka amin'ny fotony aorian'ny fiotazana.	+
Fifandimbiasam-boly	Legiominezy (tsaramaso, lojy)	++

**Tsingerim-piainan'ny bibikely mahaso fahavalon'ireo  
bibikely mpanimba voly  
Ohatra: cochinelle**



Voangory miendrika sokatra  
(coccinelle)



Soherina



Atody



Zanany (Larve)

# ADY MIRINDRA HOENTI-MIADY AMIN'IREO BIBIKELY MPANIMBA NY VOLY

Version v0.1

**Ady mirindra:** atao fara-hevitra ny fampiasana fanafody simika

## 5. Fanafody simika

Arovy ireo bibikely mahasoa mihinana an'ireo impanimba voly

## 4. Fomba fiadiana voajanahary



## 3. Ady mekanika



## 2. Faranaha-maso ny voly



## 1. Teknikam-pambolena

5. Maka torohévitra amin'ireo teknisian'ny fambolena, hajaina my fatra sy fomba famendrahana, tsy azo **fampiasaina ny fanafody ahitana bandy miloko mena eo amin'iny fonosana**

4. Ady gasy, fampiasana fanafody vita ary amin'ny zavaraniiry, fampitomboana sy fanaparihana ireo bibikely mahasoa hikinana

3. Famoнона na fampiasana lay sy fandrika isan-karazany: tota na voro ho an'ny voalavo, koveta mavo misy rano asiana jiro ho an'ireo lolо

2. Fitsirihana ny fisian' ireo bibikely impanimba voly (atodiny, zanany, etc), ny dingan'ny tsingerim-plainany, ny hamaroany, ny toerana misy azo ireo

1. Fifandimbiasam-boly, fampivadiam-boly, fampiasana ireo masomboly voafantina, fampiasana zezika organika, datim-pamafazana...

ireo dingana mila arahina



## Inona avy ireo dingana arahina amin'ny fikajiana ny tanimboly sy hiadiana amin'ireo bibikely araka ny ady mirindra?

### Dingana voalohany : Fampiharana ireo tekinika agroekolojika

Anisan'ny fototra lehibe mila atao mba hanamorana ny fiadiana amin'ny bibikely ny fampiharana ireo karazana tekinika agroekolojia maro sy mifameno. Ireto avy izany:

- **Ny fifandimbiasam-boly** : tsy averina eo amin'ny toerana izay namokarana azy ny voly natao teo aloha fa soloina voly hafa tsy mitovy kazarana aminy,
- **Ny fampivadiamboly** amin'ireo samy hafa tarika toy ny legiominezy (voanjo, voanjobory, lojy, lojy mena, tsaramaso, kabaro...) sy ny voly iray tarika amin'ny vary (katsaka, bajiry, apemba),
- Ny fampiasana ireo **masomboly voafantina**, tsara kalitao ary **mahazaka ny toetany eny an-toerana**,
- Ny fampiasana **zezika organika** isan-karazany.
- Ny **famafazana** aloha **araky izay azo atao** mba tsy ho tafiditra ao anatin'ny fotoanana mampirongatra ny bibikely ny fotoana fiakaran'ny vokatra. Betsaka kokoa mantsy ny bibikely amin'ny fiafaran'ny orana raha oharina amin'ny teny am-piandohany.
- Ny **fampiasana ireo karazana voly malaky vokatra** raha manana olana amin'ny fanimbana ataon'ny bibikely, izany hoe voly manana tsingerimpiainana fohy kokoa.

Ny tanjona dia ny hananana **voly matanjaka tsara** ary **afaka miaro tena** amin'ny mety ho fanafihan'ireo bibikely.

### Dingana faharoa : fanaraha-maso matetika ny voly

Tsidihana matetika ny tanimbola mba hijerena ny mety ho fisian'ny bibikely (mety ho atodiny, na zanany), na koa fisian'ny aretina eo amin'ny fambolena. Ny tanjona dia ny ahafahana mamono azy avy hatrany dieny mbola tsy mirongatra izy ireny. Rehefa mitily dia mila fantarina ny karazan'ilay bibikely mpanimba, sy ny tsingerimpiainany sy ny isany, mba hahafahana misafidy ny ady tokony ho tanterahina.

Rehefa mitranga ny bibikely mpanimba, dia ireto manaraka ireto indray ny dingana tokony harahina.

### Dingana fahatelo : Fanaovana ny ady mekanika

Fametrahana ireo fitaovana ahafahana mamandrika ireny bibikely ireny toa ny lay, tota na vovo hamandrihana voalavo, koveta mavo misy rano ary asiana jiro rehefa alina hisamborana ny lolon. Azo atao avy hatrany koa ny manala sy mamono amin'ny tanana ireo bibikely izay tazana eny an-tanimboly eny.

### Dingana fahaefatra : Fampiasana ireo fanafody "ady gasy"

Raha toa mbola tsy maty ireo bibikely ireo tamin'ny fampiasana ny ady mekanika,

dia miditra amin'ny fampiasana indray ny "ady gasy". Ny tombony amin'ny fampiasana azy dia fanafody azo avy amin'ny zavamaniry izay misy eo an-toerana ihany izy ireny, ary koa tsy mandringana koa ireo ireo bibikely mahasoa izay mihinana ireo bibikely mpanimba voly. Ny ady gasy dia **natao mba hampilefa** ireo bibikely izay mihinana ny vokatra.

### Dingana fahadimy : Fampiasana fanafody simika

Rehefa tsy vitan'ireo fomba rehetra teo aloha ireo ny fifehezan'ny firongatry ireo bibikely mpanimba izay vao mampiasa ity fanafody simika ity. Tsara raha maka hevitra amin'ny teknisiana mialohan'ny hisafidianana ny fanafody ho ampiasana sy ny fatra tokony atao. **Tandremo ! saropady ny famendrahana itony fanafody simika** itony satria raha atao tsy ampiheverana dia mety hiteraka loza sy aretina maro samihafa.

Raha te-handalina misimisy kokoa mikasika ny anaran'ireo bibikely mpanimba voly sy fomba enti-miady aminy dia jereo ny **boky nataon'ny tetikasa ProSol** mikasika an'ireo fahavalon'ny voly.

## Inona avy ireo antony tsy mampahomby ny fampiasana fanafody simika?

Maro ireo antony tsy mampahomby ny fampiasana ireo fanafody simika. Ireto manaraka ireto ny santoniany mety ahatonga izany:

- Fanafody tsy mifanaraka amin'ny tokony ho izy. Ohatra fanafody famonoana tsonika no ampiasaina nefahafa ny bibikely tiana ho vonoina. Mila mijery tsara amin'ny taratasy eo amin'ny fanafody sy ny bibikely matiny ary ny fatra ampiasana azy.

- Tsy ampy ny fatra ampiasaina amin'ny fanaovana fanafody. Ohatra raha mampiasa cyperméthrine dia 0,25 l isaky ny hektara no voalaza. Raha diso ny fatra dia mety ho kely loatra ny fanafody ka mety ho lasa 0,15 l ohatra. Manjary tsy miasa ny fanafody. Ny loza aza dia manjary tsy afaka mamono ilay bibikely intsony io fanafody io noho izy tsy ampy fatra. Mamorona hery manohitra an'ilay fanafody ny bibikely ka na dia ampiasaina amin'ny fatra ambony aza ny fanafody dia tsy mahafaty azy intsony. Raha lasa ambony loatra ny fatra dia miteraka fatiantoka ho an'ny Tantsaha satria vola mivoaka io.

- Ny fampiasana mifanakaiky loatra sy matetika ny fanafody dia mitarika famoronana hery manohitra ho an'ilay bibikely. Lasa zatra ilay fanafody ilay bibikely ka tsy mandaitra na tsy mahafaty intsony.

- Ny fampiasana matetika loatra koa ny fanafody ao anatin'ny vondrona "pyrethrinoïde" (toy ny cyperméthrine, deltaméthrine, lambdacyhalothrine,...) izay mamono ny bibikely rehetra tsy ankanavaka. Marihina anefa fa tsy ny bibikely rehetra no ratsy fa misy tsara sy ilaina koa izy ireny. Ny fahafatesan'ireny bibikely tsara ireny dia mety hampirongatra bibikely hafa mihintsy izay tsy mbola nisy teo amin'ny tanimboly ary sarotra ny famonoana azy avy eo.

## Ahoana ny fomba fikajiana ny fanafody atao ao anaty “pulvérisateur”?

Araka ny hitantsika teo aloha fa raha ratsy fatra na tsy voaraka tsara ny fatra hampiasana ny fanafody dia misy fihatraikany izany eo amin'ny famonoana ny bibikely. Izany hoe mety tsy hahafaty azy ary vao maika hampahery azy satria marmorona hery fiarovana izy dia lasa tsy mandraitra aminy intsony ilay fanafody.

Hitantsika eo amin'ny fonosana eo amin'ny amin'ny fanafody ny fatra tokony ho ampriasaina isaky ny hekitara.

### Ahoana ny fikajiana ny rano ilaina ho an'ny tany iray hektara?

Maka “paompy famendrahana” iray isika, izay manana fatra 15 litatra. Asiana rano **3 litatra** io “paompy famendrahana” io. Rehefa avy eo, dia ampriasaina toa ireny mamendraka fanafody amin'ny voly ireny mihtisy aloha mandrapaha-tapitry ny rano ao anatiny. Refesina ny halavan’ny lalana vita ary ampitomboina ny sakan’ny fanondrahanana izany mba hahazoana ny velarana izay vitany :

**Velarana X (m<sup>2</sup>): Lavan’ny lalana vita (metatra) x sakan’ny fanondrahanana (metatra)**

Marihina **fa miovaova araka ny olona izay mampiasa azy io refy io ary miovaova koa arakaraky ny fitombon’ny voly ihany koa.**

Rehefa azo io velarana io dia manao ny kajikajy indray ahazoana ny rano ilaina ao anaty 1 hektara na 10 000 m<sup>2</sup>. Toy izao ny fomba fikajiana azy:

**Habetsahan’ny rano (litatra) R = (10 000 x 15)/ velarana X (m<sup>2</sup>)**

Ohatra: Ny rano 15 litatra dia nahafahana namendraka velarana X = 1000m<sup>2</sup>

Ny rano ilaina amin'ny 1 hektara izany dia  $R = (10\ 000 \times 15)/1000 = 150$  litatra.

### Ahoana ny fikajiana ny fanafody atao isaky ny “paompy famendrahana”?

Ao anatin’io rano ampriasaina ao anaty 1 hekitara io anefa no ampriasana ny fanafody araka ny fatra izay omena eo amin'ny taratasim-panafody.

Ohatra cyperméthrine: 0,25 l/ha = Z

Toy izao izany ny fikajiana ny fatran’ny fanafody :

Io fatra Z io izany no atao ao anaty rano R araka izay hita tetsy aloha. Raha 15 litatra ny paompy famendrahana dia ampriasaina ity fikajiana ity : Fanafody (Z) atao ao anaty rano (R).

**Fatra isaky ny pulvérisateur 15 litatra = (15 x Fanafody Z) / rano R**

Raisintsika ilay fanafody cyperméthrine 0,25l/ha ny fatra isaky ny paompy famendrahana 15 litatra izany dia:  $(15 \times 0,25)/150 = 0,025$  litatra na 25 ml.

## Inona avy ireo toromarika arahina rehefa mampiasa fanafody simika?

Mitaky fahamailona rehefa mitahiry fanafody simika ao an-trano. Atokano ary ataovy amin'ny toerana sarotra azon'ny ankizy;

- Raha voatery hampiasa fanafody simika dia izay mifanaraka amin'ny fahavalon'ny voly no ampasaina;

**- Vakio tsara ireo soratra eo amin'ny fonosana mialoha ny hampiasana azy ary hajao ny fatra voalaza hampiasana an'ilay fanafody.**

- Kojakojao ireo fitaovana famendrahana fanafody mba ho afaka hiasa ara-dalàna (sasana amin'ny rano rehefa vita ny nampiasana azy. Aza manasa ny fitaovana famendrahana eny amin'ny rano mandeha na koa matsabory).

- Mampiasà ireo fitaovana fiarovana isaky ny mamandraka fanafody simika (satroka, solomaso, aro vava, akanjo fiarovana, aro tanana, kiraro fiarovana)

- Esorina avokoa ny fitafiana rehetra ka sasana mitokana. Misaika sy mampiasa savony rehefa avy namendraka fanafody simika.

Ny fampifangaroana fanafody maromaro dia tsy tokony hatao satria mampitombo ny fahafahan'ireo bibikely mpandrava hanohitra an'ireo fanafody simika rehetra izay ampasaina. .

Aza adino fa ireo fanafody simika dia **miteraka loza ho an'ny fahasalamana** : raha mahafaty ireo bibikely izy ireny dia satria misy poizina ao anatin'y. Ary efa maro ireo tantsaha izay nahazo takaitra tamin'izany : lasa tsy mahita ny masonry na lasa tsy miteraka, na lasa narary hoditra, sns. **Mila mitandrina** noho izany rehefa mampiasa azy : manao fiarovana hatrany rehefa mikirakira azy ireny (arotanana, solomaso, aro-tongotra).

## Inona avy ireo sokajina fanafody famonoana bibikely?

Misy ihany koa ny fanasokajiana azy arakaraka ny heriny:

	Lokon'ny bandy	Sokajy	Famantaranana	Fepetra arahina
	Bandy mena midorehitra	Sokajy I A		Mila fitandremana ny fampiasana azy
	Bandy mena	Sokajy I B		Mila fitandremana ny fampiasana azy
	Bandy mavo	Sokajy II		Mila mitandrina
	Bandy manga	Sokajy III		Ireto sokajy roa ireto no tsara ampasaina rehefa mampiasa fanafody
	Bandy maintso	Sokajy IV		

## Tovana

**Ohatra vitsivitsy amin'ireo bibikely mahasoa fahavalon'ireo bibikely mpanimba voly (insectes auxiliaires utiles)**



Voangory madinika miendrika sokatra (coccinelles)



Famakiloha na tsipeko



Fangaraka (Sphecidae,  
Vespidae)



Karazan-dalitra  
(syrphe)



Karazana fangaraka  
(Braconidae)



Voangory



Bibitsofina na misampambody

# Tabilaon'ireo singa miasa (matières actives) ao anatin'ny zavamaniry ampiasaina amin'ny ady gasy ary ny fomba fiasany

Zavamaniry	Singa miasa ao anatiny	Fomba fiasany
Sakay (piment)	Capsaïcine	<ul style="list-style-type: none"> <li>Mamono bibikely rehefa voatelin</li> <li>Mamono bibikely izay mitelina na mioroka azy (inhalation)</li> <li>Mandroaka bibikely</li> <li>Miady amin'ny virosy</li> </ul>
Nimo – Voandelaka vazaha (neem)	Azadirachtine	<ul style="list-style-type: none"> <li>Mandroaka bibikely,</li> <li>Mamono bibikely amin'ny alalan'ny fifampikasohana</li> <li>Mamono bibikely rehefa voatelin</li> <li>Mampalaikomana an'ireo bibikely</li> </ul>
Voandelaka	Azadirachtine	<ul style="list-style-type: none"> <li>Mandroaka bibikely</li> <li>Mamono bibikely amin'ny alalan'ny fifampikasohana</li> <li>Mamono bibikely rehefa voatelin</li> <li>Mampalaikomana an'ireo bibikely</li> </ul>
Taretra (sisal)	Saponosides, alcaloïdes, tanin	<ul style="list-style-type: none"> <li>Mamono bibikely amin'ny alalan'ny fifampikasohana</li> <li>Mamono bibikely rehefa voatelin</li> <li>Miady amin'ny olatra</li> </ul>
Konikony (annone)	Alcaloïdes, stenoïdes, terpénoïdes	<ul style="list-style-type: none"> <li>Mamono bibikely amin'ny alalan'ny fifampikasohana</li> <li>Mamono bibikely rehefa voatelin</li> </ul>
Papay (papaye)	Papaïne	<ul style="list-style-type: none"> <li>Mamono bibikely mbola zanany rehefa voatelin</li> <li>Mandroaka bibikely efa lehibe</li> <li>Miady amin'ny olatra (fungicide)</li> </ul>
Valavelona (jatrophia)	Stérols, terpènes	<ul style="list-style-type: none"> <li>Mandroaka bibikely</li> <li>Mamono bibikely izay voatelin azy</li> </ul>
Paraky (tabac)	Nicotine (alcaloïde)	<ul style="list-style-type: none"> <li>Mandroaka bibikely</li> <li>Mamono bibikely izay mitelina sy mioroka azy (inhalation)</li> <li>Mamono ireo hala madinika</li> <li>Miady amin'ny olatra</li> <li>Miady amin'ny virosy (rouille, leaf curl virus)</li> </ul>
Tongologasy (ail)	Allicine	<ul style="list-style-type: none"> <li>Mamono bibikely amin'ny alalan'ny fifampikasohana</li> <li>Mamono bibikely rehefa voatelin</li> <li>Mandroaka bibikely</li> <li>Mampalaikomana an'ireo bibikely</li> </ul>

Ity boky ity dia vokatry ny fiaraha-miasa tamin'ireo mpiara-miombon'antoka. Singanina manokana ireo tompon'andraikitra ara-teknika eo anivon'ny Fitaleavam-parity ny Fambolena sy ny Fiompiana eto Boeny izay nandray anjara lehibe tamin'ny famolavolana azy.



**RANDRIAMAHERISOA  
Faramalala**  
Lehiben'ny  
Sampandrahaharan'ny  
Fambolena eto amin'ny  
Faritra Boeny



**ANDRIANAIVO  
Andomamy**  
Solotenan'ny Tetikasa  
ProSol eo anivon'ny  
Fitaleavam-parity ny  
Fambolena sy ny  
Fiompiana eto Boeny

**Boky navoakan'ny:**

Deutsche Gesellschaft für Internationale Zusammenarbeit (GIZ) GmbH

**Adiresy:**

Tetikasa ProSol, Enceinte SOANALA/MEEF Ambatobe, BP 869, Antananarivo (101)

Tetikasa ProSol, Birao DRAE Lalana Edouard VII, Mahajanga (401)

Tetikasa ProSol, Villa Ryan Boulevard Marcoz la Corniche, Mahajanga (401)

**Anaran'ny tetikasa :**

Tetikasa miaro sy manatsara ny nofontany ho fanatsarana ny fanjariana ara-tsakafo (ProSol Madagasikara)

Projet Protection et réhabilitation des Sols pour améliorer la sécurité alimentaire (ProSol Madagascar)

Mailaka : [PROSOL@giz.de](mailto:PROSOL@giz.de)

**Daty nanaovana ny fanontana ny boky:**

Aogositra 2024

« *Ity boky ity dia novokarina tamin'ny fanohan'an'ny Vondrona Europeana ara-bola. Ny votoatiny dia andraikitra tanteraka an'ny GIZ ary tsy voatery haneho ny hevitrin'ny Vondrona Europeana.* »

Tany velona,  
mamelona antsika